

# Fampahafantarana ho an'ireo Reny sy Mpampivelona

# 19

## NY FOTOANAN'NY FADIM-BOLANA (FANDEHANAN-DRA ISAMBOLANA EO AMIN'NY VEHIVAVY)

Ny ankabeazan'ireo ankizy vavy dia tonga 'fotoana' na mandeha fadim-bolana voalohany eo anelanelan'ny faha-11 sy 16 taonany. Izany dia midika fa efa afaka mitondra vohoka izy ireo.

Ny fotoana ara-dalàna dia tonga in-dray isaky ny 28 andro eo ho eo, ary maharitra 3 hatramin'ny 6 andro. Na izany aza dia samihafa ny fahatongavany eo amin'ny vehivavy isankarazany.


Ny fadim-bolana mikorontana na manaintaina dia mpahazo ireo zatovovavy. Tsy midika foana izany fa misy zavatra tsy mety.

### Raha marary be ny fadim-bolana:

tsy ilaina loatra ny matory ao am-pandriana. Ny tena marina dia vao maika mampitombo ny fanaintainana ny fatoriana.

Matetika dia manampy ny fandehandehana sy fanaovana raharaha na fanatanjahan-tena kely...

Na ny misotro zava-pisotro mafana, na mandona ny tongotra ao anaty rano mafana.



Raha toa marary be izany dia mety hanampy ny fihinanana aspirinina (p. 378) na ibuprofen (p. 379) sy ny matory kely ary ny fametrahana lamba mafana eo amin'ny kibo.

Mandritra ny fadim-bolana—toy ny amin'ny fotoana rehetra—mila manao madio hatrany ny vehivavy, matory tsara ary mihinana sakafo ara-dalàna. Azony atao ny mihinana ny zavatra rehetra fihinany ary manohy ny asa fanaony andavan'andro. Tsy mampaninona ny manao firaisana ara-nofo mandritra ny fadim-bolana. (Na izany aza, raha voan'ny VIH ny iray ami'ireo olona miray dia ambony kokoa ny taham-pifindran'ny tsimokaretina)

Famantarana olana eo amin'ny fadim-bolana:

- Ny fikorontanana eo amin'ny elanelam-potoana mampisaraka ny fadim-bolana dia ara-dalàna ho an'ny vehivavy sasany saingy eo amin'ireo hafa kosa dia mety ho famantarana aretina mitaiza, tsy fahampian-drà, tsy fahampian-tsakafo, raboka, tsimokaretina VIH mihombo, na mety ho otrikaretina na fivontosana ao anatin'ny tranon-jaza.
- Raha tsy tonga amin'ny fotoanany ny fadim-bolana dia mety ho famantarana fitondrana vohoka izany. Saingy ho an'ny ankizy vavy izay vao tonga fadim-bolana voalohany sy ho an'ny vehivavy mihoatra ny 40 taona dia matetika ara-dalàna ny tsy fahatongavana na fikorontanany fadim-bolana. Ny fiasan-tsaina na fikorontanam-pihetseham-po ihany koa dia mety mitarika ny tsy fahatongavan'ny fadim-bolana eo amin'ny vehivavy.
- Raha tonga tara ilay fadim-bolana, be-fandeha ny rà ary maharitra ela dia mety ho fahafahan-jaza izany (jereo p. 281).
- **Raha maharitra mihoatra ny 6 andro, be-fandeha tsy toy ny mahazatra, na miverimberina mihoatra ny in-drainy isam-bolana dia manatòna dokotera.**

## NY FITSAHARAM-POTOANA

### (REHEFA TSY MANDEHA FADIM-BOLANA INTSONY NY VEHIVAVY)

Ny fitsaharam-potoana na *menopôzy* dia ilay fotoana eo amin'ny fiainan'ny vehivavy izay hitsaharan'ny fadim-bolana tanteraka. Aorian'ny fitsaharam-potoana dia tsy afaka mitoe-jaza instony izy. Amin'ny ankapobeny, io 'fiovana eo amin'ny fiainana' io dia mitranga eo anelanelan'ny faha-40 sy 50 taonany. Matetika dia lasa mikorontana mandritra ny volana maro ny fadim-bolana alohan'ny hitsaharany tanteraka.

Tsy misy antony hanajanonana ny firaisana ara-nofo mandritra ny fitsaharam-potoana. Mety mbola hitoe-jaza anefa ilay vehivavy ao anatin'io fotoana io. Raha tsy te hanan-janaka intsony izy dia tokony mbola manohy ny fampiasana fanabeazana aizana mandritra ny 12 volana aorian'ny fitsaharan'ny fotoana.

Rehefa manomboka ny fitsaharam-potoana, mety hihevi-tena ho mitoe-jaza ilay vehivavy. Ary rehefa mandeha rà indray izy aorian'ny 3 na 4 volana dia mety hihevitra fa afa-jaza. Raha miverina mandeha rà indray ny vehivavy 40 na 50 rehefa tsy nisy izany nandritra ny volana vitsy, azavao azy fa mety ho fitsaharam-potoana izany.

Mandritra ny fitsaharam-potoana, ara-dalàny ny fahatsarovana fanelingelenana maro—fanahiana, fahoriana, 'mafana be tampoka' (mahatsiaro hafanana be tsy mampahazo aina tampoka), fanaintainana mandalo manerana ny vatana, alahelo, sns. Rehefa tapitra ny fitsaharam-potoana dia mahatsiaro tena mahazo aina ny ankabeazan'ny vehivavy.

Ireo vehivavy mandeha rà be na marary kibo be mandritra ny fitsaharam-potoana, na manomboka mandeha rà indray aorian'ny fitsaharan'ny fandehanan-drà mandritra ny volana na taona maro dia tokona hanatona dokotera. Ilaina ny fizahana mba ahazoana antoka fa tsy voan'ny homamiadana na olana lehibe hafa izy (jereo p. 280).

Aorian'ny fitsaharam-potoana, mety ho lasa malemy sy mora tapaka ny taolan'ny vehivavy. Mba hisorohana izany dia ilaina ny mihinana sakafo be kalsiôma (jereo p. 116).

Satria tsy afaka miteraka intsony izy, hanana fotoana betsaka kokoa izy hiarahana amin'ireo zafikeliny na hiasàna eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny sasany dia lasa mpampivelona na mpiasan'ny fahasalamana amin'io fotoana eo amin'ny fiainany io.




## VOHOKA

Fambara vohoka:

Ireto famantarana rehetra ireto dia ara-dalàna:

- Tsy tonga ny fadim-bolan'ilay vehivavy (io matetika no famantarana voalohany).
- 'Faharariana amin'ny maraina' (fandoavana na te-handoa, indrindra rehefa maraina). Ratsy be izy io mandritra ny roa sy telo volana voalohany hitondrana vohoka.
- Mety te hivalan-drano matetika izy.
- Mihalehibehy ny kibo.
- Mihalehibe na mihamalemny ny nono.
- 'Saron-tavan'ny bevohoka' (faritra mainty eo amin'ny tarehy, nono, kibo).
- Farany, mandritra ny fahadimy volana sy ny manodidina, manomboka mihetsika ny zaza ao an-kibo.



Izao no fipetraka ara-dalàn'ny zaza ao anaty kibon'ny reny amin'ny faha-9 volany.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fitondrana vohoka sy ny fiterahana dia jereo ny Boky ho an'ny Mpampivelona.

### Ahoana no Atao Mba ho Salama Mandritra ny Fitondrana Vohoka

- ◆ Ny zava-dehibe indrindra dia ny **fisakafonana betsaka** mba hitomboan'ny lanja ara-dalàna indrindra raha mahia ianao. Zava-dehibe ihany koa ny **fisakafonana tsara**. Mila sakafo be proteina, vitamina, ary mineraly ny zaza, indrindra fa **fera** (jereo ny Toko 11).
- ◆ **Mampiasà sira misy ioda** mba hampitomboana ny taham-pahaterahan'ny zaza velona soa aman-tsara ary tsy hanana olana eo amin'ny fianarana. (Fa mba hisorohana ny fivontosan'ny tongotra sy ny olana hafa dia aza mampiasa sira be loatra).
- ◆ **Tandrovy ny fahadiovana**. Mandroa na misasà matetika ary borosio isan'andro ny nify.
- ◆ Mandritra ny volana farany hitondrana vohoka, aza mampiasa *fanasana* fivaviana.
- ◆ **Fadio ny mihinana fanafody**. Misy fanafody sasany manimba ny zazakely eo ampitomboana. Raha ny fitsipika, aza mihinana fanafody afa-tsy izay omen'ny mpiasan'ny fahasalamana na dokotera. (Raha hanome fanafody anao ny mpiasan'ny fahasalamana ka fantatrao fa mety mitoe-jaza ianao dia lazao azy izany). Azonao atao nymihinana acetaminophen, na antacids tsindraindray raha ilainao izany. Ny vitamina sy ny pilina fera dia manampy matetika ary tsy manimba raha hanina amin'ny fatrany tokony ho izy. Mandehana mitily VIH. Ny fanafody miady amin'ny VIH dia manampy amin'ny fisorohana ny fifindran'ny VIH amin'ny zazakely eo ampitomboana (jereo p. 398).
- ◆ **Aza mifoka na misotro alikaola** mandritra ny fitondrana vohoka. Ny fifohana sy ny fisotroana dia ratsy ho an'ny reny sy ny zazakely eo ampitomboana.
- ◆ lalao lavitra ny zaza voan'ny kitrotro, indrindra ny **German measles** (jereo ny Bonibony, p. 312).
- ◆ Ezaho ny **maka aina foana**, saingy **manaova fanatanjahan-tena** ihany koa.
- ◆ **Fadio ny poizina sy ny akora simika**. Mety hanimba ny ny zazakely eo ampitomboana ireo. Aza miasa eo akaikin'ny famonoana bibikely, famonoana bozaka, na orinasa mpanamboatra akora simika—ary aza mitahiry sakafo ao anatin'ny zavatra vita amin'ny akora simika. Ezaho ny tsy miaina entona na vovoka simika.

## Ireo Olana Madinika Mandritra ny Fitondrana Vohoka


1. **Te handoa na fandoavana:** Raha ny tokony ho izy dia ratsy kokoa izy io rehefa maraina, mandritra ny roa na telo volana voalohany hitondrana vohoka. Manampy ny fihinanana zavatra maina toy ny biski na mofo maina, alohan'ny hatory amin'ny alina sy alohan'ny hialàna ao ampandriana ny maraina. Aza mihinana sakafo be fa aleo sakafo kely averimberina im-betsaka mandritra ny tontolo andro. Ny dite vita amin'ny solika ihany koa dia manampy. Amin'ny tranga mahery vaika dia mihinana antihistaminique (jereo p. 385) rehefa hatory sy rehefa mifoha.

2. **Mamaivay na manaintaina** ao anaty vavony na tratra (tsy fahalevonan-kanina sy fivaivain'ny vavony, jereo p. 128): aza mihinana afa-tsy sakafo kely isaky ny mandeha ary misotroa rano matetika. Mety hanampy ny antacids, indrindra ireo misy *carbonate de calcium* (jereo p. 381). Mety hanampy ihany koa ny fihinanana vatomamy. Ezaho ny matory ka ampiakarina ambony amin'ny ondana na bodofotsy ny loha sy ny tratra.

3. **Fivontosan'ny tongotra:** Mila maka aina amin'ny fotoana isan-karazany mandritra ny tontolo andro ka ampiakarina ambony ny tongotra (jereo p. 176). Aza mihinana sira betsaka ary fadio ny sakafo be sira. Ny dite vita amin'ny volon-katsaka dia mety hanampy (jereo p. 12). Raha toa mivonto be ny tongotra, ary mivonto ihany koa ny Tanana sy ny tarehy dia mandehana mitady fanampiana ara-medikaly. Ny fivontosan'ny tongotra matetika dia avy amin'ny fihenjanan'ny zaza ao an-kibo mandritra ireo volana farany hitondrana vohoka. Ratsy kokoa izany eo amin'ny vehivavy tsy ampy rà na tsy ampy sakafo. Koa **mila mihinana sakafo be otrikaina.**

4. **Fanaintainana eo ambany lamosina:** mateti-pitranga io amin'ny fitondrana vohoka. Afaka manala izany ny fanaovana fanatanjahan-tena sy ny fijoroana na fipetrahana ka atao mahitsy tsara ny lamosina (p. 174).

5. **Tsy fahampian-drà sy tsy fahampian-tsakafo:** Maro amin'ireo vehivavy mipetraka amin'ny faritra ambanihovitra no tsy ampy rà eny na dia alohan'ny fitondrany vohoka aza, ary vao maika tsy ampy rà mandritra ny mitondra vohoka. Mba hananana zazakely salama, ny vehivavy dia mila **misakafo tsara.** Raha hatsatra be izy ary malemitemy na maneho famantarana tsy fahampian-drà na tsy fahampian-tsakafo (jereo p. 107 sy 124), mila mihinana proteina sy sakafo misy fera bebe kokoa izy. Ny tsaramaso, voanjo, akoho, ronono, fromazy, atody, hena, trondro, ary legioma misy ravina maitso be no safidy tsara indrindra. Mila mihinana **pilina fera** (p. 392) ihany koa izy, indrindra raha sarotra ny mahazo sakafo be otrikaina. Izany dia hampatanjaka ny ràny mba hahatohitra ny fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana. Raha azo atao, tokony hisy **acide folique** sy **vitamina C** koa ilay pilina fera (ny vitamina C dia manampy ny vatana hampiasa tsara ny pilina fera).



6. **Lalan-drà mivonto (varisy):** izany dia mateti-pitranga mandritra ny fitondrana vohoka, ateraky ny lanjan'ny zazakely izay manindry ny lalan-drà eo amin'ny tongotra. Ampiakaro matetika ny tongotra, ataovy farany ambony indrindra takatrao (jereo p. 175). Raha ngeza be na marary ilay lalan-drà dia fonosy bandy azo roritina toy izao, na mampiasà ba kiraro azo roritina. Esory ny bandy na ny ba kiraro amin'ny alina.

7. **Kitso (hemoroida):** Ireo koa dia varisy eo amin'ny *lava-body*. Izy ireo dia ateraky ny lanjan'ny zazakely ao anatin'ny kibo.

Mba hanamaivanana ny fanaintainana dia mila mandohalika ary ataovy ambony toy izao ny vody:

Na mipetraha ao anaty rano mafana. Jereo ihany koa ny p. 175.



8. **Fitohanana:** Misotroa rano betsaka. Mihinana voankazo sy sakafo betsaka feno fibra natoraly toy ny mangahazo na ampombom-barim-bazaha. Manaova fanatanjahan-tena betsaka. **Aza mihinana fanafody mampivalana mahery vaika.**

## Ireo Fambara Loza Mandritra ny Fitondrana Vohoka

1. **Fandehanan-drà:** Raha manomboka mandeha rà ny vehivavy mandritra ny fitondrana vohoka, na dia kely fotsiny ihany aza dia mety ho fambara loza izany. Mety ho afa-jaza izy (afaka ilay zaza, p. 281) na mety hitombo an-tsoso-koditra ilay zaza (zaza an-tsoso-koditra, jereo p. 280). Mila mitsotra moramora ilay vehivavy ary maniraka olona hitady mpitsabo.

Ny fandehanan-drà mandritra ny volana faram-parany hitondrana vohoka (aorian'ny 6 volana) dia mety hidika fa ny *ahitra* dia manentsina ny vozon-tranon-jaza (*placenta previa*). Raha tsy misy fanampian'ny olona manana traikefa dia mety handeha rà be ka hiafara amin'ny fahafatesan'ilay vehivavy. Aza manao fizahana ny fivaviana na manitrika zavatra ano anatin'ny fivaviany. Ezaho entina eny amin'ny hopitaly eo no eo izy.

2. **Tsy fahampian-drà mahery vaika:** Malemiley, vizaka ary hatsatra na azo hitarafana ny hoditr'ilay vehivavy (jereo ny Famantarana ny tsy Fahampian-drà, p. 124). Raha tsy voatsabo dia mety ho fatin'ny fahaverezan-drà eo am-piterahana izy. Raha mahery vaika ny tsy fahampian-drà dia tsy ampy ny fanarahana fomba fihinanana sakafo tsara mba hanitsiana ny tranga ara-potoana. Mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana ary mahazoa pilina fera misy sira (jereo p. 392). Raha azo atao dia tokony eny amin'ny hopitaly izy no miteraka sao ilaina ny manome rà azy.

3. **Tosi-drà ambony be na fambara prééclampsie hafa:** Tosi-drà 140/90 na ambonin'izany dia mety ho fambara olana lehibe antsoina hoe prééclampsie (toxémie). Fisian'ny proteina betsaka ao anaty amany, fahazoana lanja tampoka, ary fivontosana no famantarana lehibe hafa. Ny prééclampsie dia mety hitarika fanintona, eny hatramin'ny fahafatesana aza.

Raha ambony be ny tosi-dràn'ny vehivavy iray dia asaivo mitsotra izy ary maka aina matetika. Ampio izy mba hihinana sakafo tsara betsaka sy hihinana proteina betsaka (p. 110). Tokony fadiany ny sakafo na ody ambavafo masira anaty fonosana. Avereno tsapaina ny tosi-dràn'ny ao anatin'ny andro vitsy.

Raha tsy afaka mitsapa ny tosi-dràn'ny ianao na mitily ny proteina ao anatin'ny amaniny dia jereo ireto famantarana preeclampsia hafa ireto:

- Tarehy mivonto, na fivontosana manerana ny vatana isa-maraina
- Aretin'andoha
- Fanina
- Manjavozavo ny maso
- Fanaintainana ao anaty kibo ambony

Raha tsy mitsaha-mitombo ny tosi-dràn'ny (hatramin'ny 160/110 na mihoatra) na maneho **amin'ireo famantarana ireo izy — manatòna mpitsabo haingana!** Raha mifanintona sahady izy dia jereo ny p. 178.

### VIH sy Fitondrana vohoka

Raha voan'ny VIH ilay reny, mety hifindra amin'ny zaza ilay VIH mandritra ny maha ao an-kibo azy na mandritra ny fahaterahany. Ny fanafody dia afaka manakana ny zaza tsy ho voan'ny VIH. Resaho ny mpiasan'ny fahasalamana izay manana traik'efa amin'ny fiaraha-miasa amin'ny olona voan'ny VIH, ary jereo ny p. 398 raha mila fanazavana fanampiny.

## FIZAHAM-PAHASALAMANA MANDRITRA NY FITONDRANA VOHOKA (FISAFOANA)

Maro ireo tobim-pahasalamana sy mpampivelona no mamporisika ireo vehivavy mitondra vohoka mba ho tonga hanao fisafoana (alohan'ny fiterahana) sy hiresaka mikasika ny zavatra ilain'ny fahasalamany. Raha mitondra vohoka ianao ka afaka manao ireo fisafoana ireo dia hahalala zavatra maro mba hanampy anao hisoroka olana maro ary hahazo zazakely salama.

**Raha mpampivelona ianao**, azonao atao ny manampy betsaka ireo vehivavy ho lasa reny (na zaza vao ho teraka) amin'ny alalan'ny fanasàna azy ireo hanao fisafoana— na amin'ny fandehanana mijery azy ireo. Hevitra tsara ny mijery azy ireo **in-drain isam-bolana mandritra ny 6 volana voalohany itondràna vohoka, in-droa isam-bolana mandritra ny faha-7 sy 8 volana**, ary **in-drain isan-kerinandro mandritra ny volana farany**.

Ireto avy ny zavatra lehibe atao rehefa manao fisafoana:

### 1. Fizarana fampahalalàna

Anontanio ireny ny olany sy ny zavatra ilainy. Fantaro ny isan'ny vohoka efa nentiny, ny fotoana niterahany ny zanany farany, ary ireo olana nisy teo aminy mandritra ny fitondrana vohoka na ny fiterahana. Miresaha aminy mikasika ny fomba ahafahany manampy ny tenany sy ny zanany mba ho salama, ao anatin'izany ny:

- ◆ **Fihinanana sakafo amin'ny fomba mety.** Amporisiko izy mba hihinana sakafo feno hery sy feno proteina, vitamina, fera, ary kalsiôma (jereo ny Toko 11).
- ◆ **Fahadiovana tsara** (Toko 12 sy p. 242).
- ◆ Ny maha zava-dehibe ny fihinanana **fanafody vitsy na ny tsy fihinanana mihitsy** (p. 54)
- ◆ Ny maha zava-dehibe ny **tsy fifohana sigara** (p. 149), **tsy fisotroana zava-pisotro misy alikaola** (p. 148), ary ny **tsy fampiasana zava-mahadomelina** (p. 416 sy 417).
- ◆ Ny fanaovana **fanatanjahan-tena sy fakàna aina**.
- ◆ **Ny vaksiny miady amin'ny tetanosy** mba hisorohana ny tetanosy tsy hahazo ny zaza vao teraka. (Omena eo amin'ny faha-6, 7, ary 8 volana raha vao voalohany. Raha efa natao vaksiny miady amin'ny tetanosy izy teo aloha dia omeo fanampiny mandritra ny faha-7 volana).



### 2. Sakafo

Manana endrika ampy sakafo ve ilay reny? Tsy ampy rà ve izy? Raha izany dia resaho ny fomba fihinanana sakafo tsara kokoa. Raha mety dia ataovy azo antoka fa mihinana pilina misy acide folique sy vitamina C izy. Toroy hevitra mikasika ny fifehezana ny maloiloil na fandoavana amin'ny maraina izy (p. 248) sy ny fivaivain'ny vavony (p. 128).

Ara-dalàna ve ny fitombon'ny lanjany? Raha azo atao dia lanjao izy isaky ny atao fisafoana. Raha ny tokony ho izy dia tokony hahazo 8 hatramin'ny 10 kilograma izy mandritra ny 8 volana hitondrana vohoka. Raha mijanona tsy mitombo lanja intsony izy dia fambara ratsy izany. **Ny fahazoana lanja tampoka mandritra ireo volana farany dia fambara prééclampsie.** Raha tsy manana fandanjana ianao dia ezaho fantarina raha nahazo lanja izy amin'ny endriny ivelany.

Na manamboara fandanjana tsotra:

biriky na zavatra hafa fantatra ny lanjany



3. Ireo olana madinika

Anontanio ilay ren'y raha misy mahazo azy ireo olana mpitranga rehefa mitondra vohoka. Azavao azy fa tsy maninona izy ireny ary omeo azy izay torohevitra azonao omena (jereo p. 248).

4. Fambara loza sy ny mety atahorana manokana

Jereo ireo fambara loza tsirairay ao anatin'ny p. 249. Tsapao ny **fitempon'ny fon'** ilay ren'y isany ny misafo. Izany dia ahafahanao mahalala ny ara-dalàna eo aminy raha sendra misy olana mitranga any aoriana (ohatra: dona avy amin'ny prééclampsia na fandehanan-drà mahery vaika). Raha manana fitaovam-pitsapana tosi-drà ianao dia tsapao ny **tosi-dràny** (jereo p. 410). Ary **lanjao izy**. Jereo manokana ireto fambara loza manaraka ireto:

- tosi-drà ambony (140/90 na mihoatra)
- proteina ao anatin'ny amany
- fahazoana lanja tampoka
- fivontosan'ny tànana sy ny tarehy
- aretin'andoha
- fanina sy manjavona ny maso
- manaintaina ny faritry ny kibo ambony


} Famantarana ny pre-eclampsia (p. 249)

Ny mpampivelona sasany dia mety hanana ilay taratasy kely lemana amin'ny amany na fomba hafa handrefesana ny proteina sy siramany ao anatin'ny amany. Ny fisian'ny proteina ambony be dia mety ho famantarana prééclampsie. Ny siramamy ambony be dia mety ho famantarana diabeta (p. 127).

Raha misy fambara loza hafa miseho dia ataovy azo antoka ny fahazoan'ilay vehivavy fanampiana avy amin'ny dokotera faran'izay haingana. Jereo ihany koa izay **mety atahorana manokana**, pejy 256. Raha misy amin'ireo mitranga, dia tsara kokoa raha miteraka eny amin'ny hopitaly ilay ren'y.

5. Fitomboana sy toeran'ilay zazakely ao anatin'ny tranon-jaza

Tsapao ny ahavon'ny tranon-jazan'ilay ren'y isaky ny tonga misafo izy; na ampianaro azy ny manao izany.




Raha ny tokony ho izy dia miakatra rantsan-tanana 2 isam-bolana ny tranon-jaza.

Eo amin'ny faha-4 ½ volana, izy io dia eo amin'ny haavon'ny foitra.

Soraty isam-bolana ny haben'ny tranon-jaza nisaina tamin'ny rantsan-tanana, ambany na ambonin'ny foitra. **Raha toa ngeza loatra na mitombo haingana loatra ny tranon-jaza**, mety hidika izany fa kambana ny zaza ao an-kibon'ilay vehivavy. Na mety betsaka rano noho ny tokony ho izy ao anatin'ny tranon-jaza. Raha izany no izy dia mety ho sarotra aminao ny hahatsapa ilay zaza ao an-kibo. Ny fisian'ny rano be loatra ao anaty kibo dia midika fa ambony ny tahan'ny mety hitrangàn'ny fandehanan-drà be mandritra ny fiterahana ary mety hidika fa ho sampona ilay zaza.

Ezaho tsapaina ny toeran'ilay zaza ao anaty tranon-jaza. Raha toa matory mihorirana izy dia tsy maintsy manantona dokotera ilay ren'y **alohan'ny** fanombohan'ny fiterahana satria mety ilaina ny fandidiana. Raha hijery ny toeran'ny zaza rehefa manakaiky ny fotoana hiterahana dia jereo ny pejy 257.



## 6. Ny fitempon'ny fon'ny zaza sy ny fihetsehany

Aorian'ny 5 volana, henoy ny fitempon'ny fon'ny zaza ary tsapao ny fihetsehany. Azonao atao ny manandrana mametraka ny sofinao eo amin'ilay kibo, saingy mety ho sarotra henoina izany. Mora kokoa raha mampiasa *fetoscope* ianao. (na manamboatra. Ny tanimanga nodorana na hazo mafy dia mety hanamboarana izany).



Raha heno be kokoa ny fitempon'ny fon'ny zaza eo ambanin'ny foitra mandritra ny volana farany, midika izany fa ambany ny lohan'ny zaza ka mety ny lohany no hivoaka aloha.

Raha heno be kokoa ny fitempon'ny fon'ny zaza eo ambonin'ny foitra, mety ambony ny lohany. Mety ny vodiny no hivoaka mialoha.



Ny fon'ny zazakely dia mitempo avo roa heny amin'ny fitempon'ny fon'ny olon-dehibe. Raha manana famataranandro misy segondra ianao dia isao ny fitempon'ny fon'ny zazakely. 120 hatramin'ny 160 isaminitra no tokony ho izy. Raha latsaky ny 120 dia misy olana. (Na mety ho diso fanisa ianao na ny fitempon'ny fon'ilay reny ho henonao. Tsapao ny fitempon'ny fon'ilay reny. Ny fitempon'ny fon'ilay zazakely matetika dia sarotra henoina. Mila fahazarana izany).

## 7. Fanomanana ilay reny amin'ny fiterahana

Rehefa mihamanantona ny fotoana hiterahana dia jereo matetika ilay reny. Raha manana zanaka hafa izy dia anontanio azy ny faharetan'ny fotoana niterahany ary raha nisy olana izany. Mety azonao atao ny manoro hevitra azy mba hitsotra kely rehefa avy misakafy, in-droa isan'andro ary mandritra ny adiny iray avy. Resaho aminy ny fomba hiterahana mora kokoa ary tsy dia marary be (jereo ireo pejy manaraka). Mety ilainao ny mampianatra azy hiaina lalina, miadana, mba ahafahany manao izany mandritra ny fihetsehan-jaza rehefa hiteraka. Azavao azy fa ny fitoniana mandritra ny fihetsehan-jaza, ary maka aina eo anelanelan'izy ireo, dia hanampy azy hitsitsy ny heriny, hampihena ny fanaintainana ary hanafaingana ny fiterahana.

Raha misy antony hiahiahiana fa hisy fahasaratana tsy ho voafehinao mandritra ny fiterahana dia asaivo mankeny amin'ny tobim-pahasalamana na hopitaly ilay reny mba hiteraka. Ataovy azo antoka tsy lavitry ny hopitaly izy amin'ny fotoana anombohan'ny fanaikin-jaza.

### NY FOMBA HITENENAN'NY RENY NY DATY METY HAHATERAHANY:

Atombohy amin'ilay daty niantombohan'ny fadim-bolana farany, analao 3 volana izany ary ampio 7 andro. Ohatra: andao atao hoe nanomboka ny 10 Mey ny fadim-bolanao farany.

10 Mey 10 analana 3 volana dia 10 febroary, ampiana 7 andro dia 17 febroary.

Mety ho teraka manodidina ny 17 febroary ilay zaza.

## 8. Tehirizo ny firaketana an-tsoratra

Mba hampitahanao ireo zavatra hitanao isam-bolana sy hijerenao ny fivoaran'ilay reny dia hanampy anao nyfanaovana firaketana an-tsoratra tsotra. Ao anatin'ny pejy manaraka dia misy santionan'ny taratasy fanaovana firaketana an-tsoratra. Ovao araky ny hitanao fa mety izany. Ny taratasy ngeza kokoa dia tsara kokoa. Ny reny tsirairay dia afaka mitana ny taratasiny manokana ary mitondra izany rehefa tonga hisafo.



**FITAIKETANA AN-TSORATRA NY FISAFANOANA**

ANARANA \_\_\_\_\_ TAONA \_\_\_\_\_ ISAN'NY ZANAKA \_\_\_\_\_ TAONA \_\_\_\_\_ DATY NAHATERAHANA \_\_\_\_\_  
 DATIN'NY FADIMBOLANAFARANY \_\_\_\_\_ DATY METY AHATERAHANA \_\_\_\_\_ OLANA ARA-PITERAHANA TEO ALOHA \_\_\_\_\_

| VOLANA         | DATI N'NY FISA FOA NA | IREO ZAVATRA NITRANGA MATEIKA  | FAHASALAMANA ANKAPOBENY SY OLANA MADINIKA | TSY FAHAMP IAN-DRA (mahery vaika?) | FAMBARA LOZA (jerico p. 249) | FIVONTOS ANA (Alza? Ny habetsany?) | FOTO ANA | HAPA NANA. | LANJA (vinavinao na refeso) | TOSI-DRA * | PROTEIN ANATY AMANY * | SIRA MAMY ANATY AMANY * | FIPETRA KY NY ZAZA AO AN-KIBO | HALEHIBEN'NY TRANON-JAZA (firy ny rantsana ambony (+) na ambanin'ny (-) foitra?) |   |   |
|----------------|-----------------------|--|---|------------------------------------|------------------------------|------------------------------------|----------|------------|-----------------------------|------------|-----------------------|-------------------------|-------------------------------|--|---|---|
| 1              |                       | harerahana, maloloiy, sy faharariana amin'ny maraina<br>tranon-jaza atreo amin'ny foitra<br>fitempon'ny fon'ny zaza & fihetschany voalohany<br>Mivonto ny tongotra<br>mitohana mamaivay<br>vavony<br>varisy<br>misefosefo<br>mamany matetika<br>Ny zaza dia mihetsika lower eo amin'ny kibony ambany |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               | -  |   |   |
| 2              |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | - |   |
| 3              |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  |   | - |
| 4              |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  |   | 0 |
| 5              |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  |   | + |
| 6              |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  |   | + |
| 7 (erinandro1) |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| (erinandro3)   |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| 8 (erinandro1) |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| (erinandro3)   |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| 9 (erinandro1) |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| (erinandro2)   |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| (erinandro3)   |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
| (erinandro4)   |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |
|                |                       |  |   |                                    |                              |                                    |          |            |                             |            |                       |                         |                               |  | + |   |

FAHATERAHANA

\* Izy ireto dia natao ho an'ireo mpampivelona manana fitaovam-pandrefesana na fitiliana ireo voalaza ireo.


## IREO ZAVATRA TOKONY VONONIN'IREO RENY ALOHAN' NY HITERAHANA

Ny vehivavy mitondra vohoka tsirairay dia mila manomana ireto zavatra manaraka ireto manomboka eo amin'ny fahafito volan'ny kibony:

Lamba madio maro be na lamba famafana.




Hareza vaovao. (Aza esorina amin'ny foniny raha tsy efa vonona hanapaka ny tadim-poitra)



savony mamono otrikaretina (na izay savony misy).



(Raha tsy manana hareza vaovao ianao dia omano ny hety madio tsy arafesina. Ampangotraho izany alohan'ny hanapahana ny tadim-poitra).



Borosy fikosehana madio mba hanadiovana ny tanana sy ny hoho.



Baolina 2—1 hanasana tanana, 1 ho hanatazana sy hitiliana ny ahitra.




alikaola hikosehana ny tanana avy sasana.



Lamba lavalava 2 na bandy madio hamatorana ny tadim-poitra.



Vovon-dandihazo madio.



Ny kaompresy sy ny bandy dia mila fonosina sy hidina ao anaty taratasy avy eo dia andrahoina anaty lafaoro na pasohana.

## Fitaovana Fanampiny ho an'ny Mpampivelona Na Mpampiteraka Vonona Tsara


Jiro kely (fanilo elektrika).



Fitaovam-pitrohana mba hitrohana ny lelony ao anaty orona sy vavan'ny zazakely.



Fitaovam-panindronana sy fanjaitra voadio.




Tsindrona isan-karazany oxytocin na ergonovine, na vongana misoprostol (jereo p. 390 sy 391).



Fanafody VIH ho an'ny reny sy ny zaza raha voan'ny VIH ilay reny na ilay ray (jereo p. 398).



*Fetoscope*—na *stethoscope* ho an'ny zazakely—mba hihainoana ny fitempon'ny fon'ny zazakely eo amin'ny kibon'ilay reniny.




Hety dombo loha mba hanapahana ny tadim-poitra mialohan'ny tena hivoahan'ny zaza (amin'ny vonjy taitra irery ihany).




Tandra anankiroa (*hemostats*) hanendrena ny tadim-poitra na ny lalan-drà mandeha rà mva tsy ho rovitra eo amin'ny vozon-tranon-jaza.



Fonon-tanana vita amin'ny fingoitra na plastika (izay afaka diovina na ampangotrahana, jereo p. 74) hanaovana rehefa mizaha ilay vehivavy, rehefa mivoaka ny zazakely, rehefa manjaitra ny rovitra eo amin'ny vozon-tranon-jaza, ary rehefa mitaty sy mizaha ny ahitra.



Fanjaitra voadio sy kofehy fanjairana taova mba hanjairana ny rovitra eo amin'ny vozon-tranon-jaza.



Menaka fanosotra ny maso misy tetracycline na erythromycin ho an'ny mason'ny zazakely mba hisorohana otrikaretina mampidoza (jereo p. 221).



## FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA

Tranga natoraly ny fiterahana. Rehefa salama ilay ren'y ary mandeha tsara ny zavatra rehetra dia afaka mivoaka tsy mila ny fanampiana na avy amin'iza na avy amin'iza ilay zazakely. Amin'ny fiterahana mahazatra, **rehefa tsy mila manao zavatra betsaka ny mpampivelona sy ny mpampiteraka dia azo inoana fa mandeha tsara ny zavatra rehetra.**

Ny fahasaratana eo am-piterahana dia misy, ary indraindray mety hatahorana ny ain'ilay ren'y sy ny zaza. **Raha misy antony hanahiana fa mety ho sarotra na hampidi-doza ny fiterahana dia ilaina ny fanatrehan'ny mpampivelona na dokotera manana traikefa.**

TANDREMO: Raha misy hafanana ianao, mikohaka, marary tenda, na misy fery na otrikaretina eo amin'ny hoditrao amin'ny fotoana hampiterahana dia tsara kokoa raha olona iray hafa no mampiteraka.

### Famantarana ireo Loza izay Ilàna ny Fanatrehan'ny Dokotera na Mpampivelona ny Fiterahana—Raha Azo Atao dia eny Amin'ny Hopitaly:


- Raha manomboka mihetsi-jaza sahady 3 herinandrona mihoatra, mialohan'ny tokony ahatongavan' ny zazakely.
- Raha manomboka mandeha rà mialohan'ny fiterahana ilay vehivavy.
- Raha misy tranga famantarana prééclampsie (jereo p. 249).
- Raha voan'ny aretina mitaiza na mahery vaika ilay vehivavy.
- Raha tsy ampy rà be ilay vehivavy na tsy mandry araky ny tokony ho izy ilay rà (raha sendra maratra izy).
- Raha latsaky ny 15 na mihoatra ny 40 taona izy, na vohoka voalohany aorian'ny faha- 35 taona izy.
- Raha manan-janaka mihoatra ny 5 na 6 izy.
- Raha fohy ny vatany na tery ny valahany (p. 267).
- Raha efa azon'olana be na nandeha rà be izy tamin'ny fiterahany teo aloha.
- Raha voan'ny diabeta na olana eo amin'ny fo izy.
- Raha voan'ny fipotsahan'ny tsinay izy.
- Raha toa ho kambana ny zanany (jereo p. 269).
- Raha tsy amin'ny toerana tokony ho izy (ambany ny lohany) ilay zaza ao anatin'ny tranon-jaza.
- Raha vaky ny ranon-dohany kanefa tsy mbola mihetsi-jaza ao anatin'ny ora vitsy manarak'izany. (Goavana kokoa ny loza raha misy hafanana.)
- Raha mbola tsy teraka ihany ilay zaza 2 herinandro aorian'ny 9 volana nitondrana vohoka.



Fijerena Raha Mety Tsara ny Toeran'ny Zaza

Mbahahazoana antoka fa ambany ny lohan'ny zaza, amin'ny toerana tokony ho izy, tsapao toy izao ny lohany:

1. ataovy mamoaika rivotra amin'ny vava hatrany ilay renry.




Potsero amin'ny ankihibe sy rantsan-tanana 2 eto, eo ambony kelin'ny taolan-dohavania.


Tsapao amin'ny tanana ilany ny tampon'ny tranon-jaza.

Ny vodiny zazakely dia ngeza kokoa sady be velarana.

His head is hard and round.




Ny Vody ambony dia be velarana kokoa eto ambony eto.



Ny vody ambony dia be velarana kokoa eto ambony.

2. Atoseho midina moramora avy amin'ny ilany mankany amin'ny ilany, amin'ny tanana ilany aloha, avy eo amin'ny tanana ilany.


Raha atosika moramora mankany amin'ny sisiny ny vodiny zazakely dia hietsika ihany koa ny vatan'ny zazakely manontolo.



Fa raha atosika moramora mankany amin'ny sisiny ny lohany, hiondrika izy ary tsy hietsika ny hatony sy ny lamosiny.

Raha ambony ilay zaza ao anaty tranon-jaza, azonao atao ny manetsika kely ny lohany. Saingy raha efa midina ambony izany dia miomàna amin'ny fiterahana fa tsy azonao ahetsika intsony izany.

Ny zaza voalohan'ny vehivavy iray indraindray dia midina 2 herinandro mialohan'ny mihetsi-jaza. Aty aoriana dia mety tsy hidina ny lohan'ny zaza raha tsy manomboka mihetsi-jaza.



**Raha ambany ny lohan'ny zazakely dia azo inoana fa handeha tsara ny fiterahana.**

**Raha ambony ny lohany dia mety ho sarotra kokoa ny fiterahana (ny vodiny no mandeha aloha), ka dia tsara kokoa ho an'ilay renry ny miteraka eny amin'ny hopitaly na manakaiky hopitaly.**

**Raha mitsovalana ilay zaza dia mila miteraka eny amin'ny hopitaly. Atahorana ny ainy sy ny an'ny zanany (jereo p. 267).**

## IREO FAMBARA FA EFA AKAIKY HIHETSI-JAZA

- Andro vitsy mialohan'ny hihetsi-jaza, matetika **ny zaza dia midina ambanimbany kokoa** ao anatin'ny tranon-jaza. Mamelana ny vehivavy hiaina mora kokoa izany, saingy mety te hivalan-drano matetika izy nohon'ny famotserana eo amin'ny tatavia. (Raha fiterahana voalohany dia mety hitranga eo amin'ny 4 herinandro mialohan'ny hiterahana izany.)
- Fotoana vitsy mialoha ny fiterahana, **misy zavatra madity(tsiloly)** mety hivoaka. Na mety hivoaka mandritra ny 2 na 3 andro mialohan'ny fiterahana ilay zavatra madity. Indraindray dia misy rà kely. Tsy maninona izany.
- Ny **fihetsehan-jaza** (fikainkon'ny tranon-jaza tampoka) na fanaintainana mialohan'ny fiterahana dia mety hanomboka andro maro mialohan'ny fiterahana, indraindray dia misy fotoana lava manelanelana ny fihetsehan-jaza—minitra na ora maro mihitsy aza. Rehefa mihamahery ny fihetsehan-jaza, matetika ary mifanetiny dia manomboka ny asa.
- Ny vehivavy sasany dia **manaiki-jaza malefaka** herinandro maro mialohan'ny fiterahana. Tsy maninona izany. Indraindray dia mety hisy ny vehivavy itrangan'ny **fihetsehan-jaza tsy tena izy**. Mety manaikitra mafy sy mifanakaiky ny fihetsehan-jaza, saingy mijanona izany mandritra ny ora na andro maro mialohan'ny tena fiantombohan'ny asa. Indraindray ny fandehandehanana, ny fandroana amin'ny rano mamay, na ny fakàna aina dia manampy mampitony ny fihetsehan-jaza raha tsy tena izy izany, na ataovy ny fiterahana raha tena izy. Na dia mihetsi-jaza tsy tena izy aza, dia manomana ny tranon-jaza amin'ny fiterahana ihany izany.



- Matetika ny **kitapo misy ranon-doha** izay mitazona ny zaza ao anatin'ny tranon-jaza dia vaky ary misy rano mijinika indraindray rehefa aorian'ny fanombohan'ny asa. Raha vaky ny ranon-dohany mialohan'ny fiantombohan'ny fihetsehan-jaza, izany dia midika fa manomboka ny asa. Aorian'ny fahavakian'ny ranon-dohany dia mila mitandro ny fahadiovany ilay reny. Ny fivezivezana dia manampy ny fiterahana haingana. Mba hisorohana ny otrikaretina dia fadio ny manao firaisana ara-nofy, aza mipetraka ao anaty koveta misy rano rehefa mandro ary aza sasana na andefasana zavatra any anaty fivaviana. Raha tsy manomboka ao anatin'ny 12 ora ny asa dia mitadiava fanampian'ny dokotera.

## Ireo Dingana'ny Fiterahana

Misy dingana 3 ny fiterahana:

- Ny dingana voalohany dia manomboka eo amin'ny manaiki-jaza mafy mandrapisokatry ny vozon'ny tranon-jaza tanteraka ka midina mankao amin'ny lalan-jaza ny zazakely.
- Ny dingana faharoa dia maharitra mandritra ny fidiran'ny zazakely ao anatin'ny lalan-jaza mandrapahaterany.
- Ny dingana fahatelo dia maharitra aorian'ny fahaterahan'ny zaza mandrapivoakan'ny ahitra.

NY DINGANA VOALOHAN'NY FITERAHANA matetika dia maharitra 10 hatramin'ny 20 ora no mihoatra rehefa zaza voalohany aterak'ilay ren'y, ary 7 hatramin'ny 10 ora ho an'ny zaza manaraka. Miovaova be izy io.


Mandritra ny dingana voalohan'ny fiterahana dia tsy tokony manandrana manafaingana ny fiterahana ilay ren'y. Natoraly ho an'io dingana io ny fandehanana miadana. Mety tsy ho ren'ilay ren'y ny fivoarana ary hanomboka hitaintaina izy. Ezaho alamina ny sainy. Lazao azy fa ny ankabeazan'ny vehivavy rehetra dia mitovy fiahiana aminy.

Tsy tokony manandrana manosika na hanena ilay ren'y raha tsy efa tafidina ao amin'ny lalan-jaza ny zazakely ka tsapany fa tokony hanosika izy.

Tokony tsy ataon'ilay ren'y feno ny tsinainy sy ny tataviany.

Raha feno ny tsinay sy ny tatavia dia manelingelina ny fivoahan'ny zaza izany.

Tatavia feno amany



Mandritra ny fihetsehan-jaza dia mila mivalan-drano matetika ilay ren'y. Raha tsy nangery tao anatin'ny ora maro izy dia mety hanamora ny asa ny fanadiovana ny ao anaty tsinay. Mandritra ny fihetsehan-jaza, ny ren'y dia mila misotro rano betsaka na zava-pisotro hafa. Ny fahakelezan-drano loatra amin'ny vatana dia mety hampiadana na hampitsahatra ny asa. Raha maharitra ela ny fihetsehan-jaza dia mila mihinana sakafo maivana koa izy. Raha mandoa izy dia mila misotro Zava-pisotro Famerenan-drano kely, dite ravin-kazo, na ranom-boankazo eo anelanelan'ny fihetsehan-jaza.

Mandritra ny fihetsehan-jaza, ilay ren'y dia mila miovaova toerana matetika na mitsangana ary mandehandeha indraindray. Tsy tokony matory mitsilany mandritra ny fotoana lava.

Mandritra ny dingana voalohany amin'ny fiterahana, ny mpampivelona na ny mpampiteraka dia mila:

- ◆ Manasa tsara ny kibo, fivaviana, fitombenana, ary ny tongotr'ilay vehivahy amin'ny savony sy rano mafana. Mila atao amin'ny toerana madio sy mazava tsara ny fandriana mba ahitana tsara.
- ◆ Velaro lamba madio, servieta, na gazety eo ambonin'ilay fandriana ary soloy ireo isaky ny lena na maloto.
- ◆ Manàna harena vaovao, tsy mbola nosokafana mba hanapahana ny tadim-poitra, na ampangotraho mandritra ny 15 minitra ny hety. Tehirizo ao anatin'ilay rano mangotraka ao anatin'ny vilany misarona ilay hety mandrapahatongan'ny fotoana hampiasàna azy.

**Tsy** tokony manotra na manosika ny kibo ilay mpampivelona. **Tsy** tokony mangataka ilay reny hanosika na hampanena azy izy amin'io fotoana io.

Raha matahotra na mahatsiaro manaintaina be ilay reny dia asaivo miaina lalina, **miadana**, matetika izy mandritra ny manaiki-jaza tsirairay, ary miaina toy ny mahazatra eo anelanelan'izany. Izany dia hanampy amin'ny fifehezana ny fanaintainana ary hampitony azy. Omeo toky ilay reny fa ny fanaintainana be dia aradalàna ary manampy amin'ny fampidinana ny zaza hivoaka izany.

NY DINGANA FAHAROAN'NY FITERAHANA, fotoana izay ivoahan'ny zaza: Matetika izy io dia miantomboka amin'ny fahavakisan'ny ranon-doha. Matetika izany dia mora kokoa noho ny dingana voalohany ary tsy maharitra mihoatra ny 2 ora. Mandritra ny fihetsehan-jaza, ilay reny dia manena amin'ny fara heriny. Eo anelanelan'ny fihetsehan-jaza, mety ho toa reraka be izy ary te-hatory be. Tsy maninona izany.


Mba ahafahany manena, dia mila miaina lalina be ilay reny ary manena mafy amin'ny hozatry ny kibony, toy ny mangery. Raha mivoaka miadana aorian'ny fahavakisan'ny ranon-dohany ny zaza dia azon'ilay reny atao ny mamoritra ny lohaliny toy izao, eo

am-pitingitinginana,

am-pipetrahana ka  
ampiakarina ny lohalika

am-  
pandoalihana,

na am-patoriana.



Rehafa mihitatra ny vozon-tranon-jazan'ilay reny, ary manomboka mipoitra ny lohan'ilay zaza, tsy maintsy manana zavatra voaomana amin'ny fahaterahan'ny zaza ilay mpampivelona na mpampiteraka.


Amin'io fotoana io dia **tsy** tokony miezaka manosika mafy ilay reny, amin'izay mba mivoaka moramora ny lohany. Izany dia misoroka ny faharovitan'ny vozon-tranon-jaza (jereo p. 269 raha mila ny andinidiny).

**Eo amin'ny fiterahana ara-dalàna, ny mpampivelona dia TSY mila manitrika ny tanany na rantsan-tanany any anatin'ilay reny MIHITSY.** Io fihetsika io no antony mahatonga ny otrikaretina mampidi-doza eo amin'ilay reny aorian'ny fiterahana.


Rehafa mivoaka ny lohany dia azon'ilay mpampivelona atao ny mitaty izany saingy tsy tokony potseriny. Raha azo atao dia **manaova fonon-tanana rehefa manatrika fiterahana**—mba hiarovana ny fahasalaman'ilay reny, ilay zaza, ary ilay mpampivelona.




Raha ny tokony ho izy, ny zazakely rehefa teraka dia ny lohany no mandeha aloha toy izao:




1. Manenà mafy amin'izao.



2. Amin'izao dia ezaho tsy manosika mafy intsony. Makà rivotra fohy sy haingana. Misoroka ny faharovitan'ny vozon-tranon-jaza izany (jereo ny p. 269).




3. Matetika dia miondrika ambany ny tarehiny rehefa mivoaka ny lohany. Raha misy tay ny vavany na ny orony dia diovy eo no ho eo izany (jereo p. 262).




4. Avy eo dia mihorirana ny vatan'ilay zaza mba hivoahan'ny soroka.

Raha tsy tafavoaka aorian'ny fivoahan'ny loha ny soroka:



1. Azon'ny mpampivelona atao ny mandray ny lohan'ny zaza amin'ny tanany ary mampidina izany moramora, mba ahafahan'ny soroka hivoaka.



2. Avy eo dia azony hatràka kely ny lohan'ilay zaza mba ahafahan'ny soroka ilany hivoaka.


Ny hery rehetra dia tokony avy amin'ilay renny avokoa. Ilay mpampivelona dia **tsy tokony misintona na manolana na manondrika ny tendan'ny zazakely mihitsy**, satria mety hampidi-doza azy izany.

NY DINGANA FAHATELON'NY FITERAHANA dia manomboka aorian'ny fivoahan'ny zaza avy tao an-kibo ary maharitra hatramin'ny fivoahan'ny ahitra. Matetika ny ahitra dia mivoaka ho azy 5 minitra hatramin'ny ora iray aorian'ny zazakely. Ao anatin'izany dia **karakarao ilay zazakely**. Raha misy fandehanan-drà be na tsy mivoaka aorian'ny ora iray ny ahitra (jereo p. 265) dia mitadiava fanampian'ny dokotera.

## FIKARAKARANA NY ZAZA VANTANY VAO TERAKA

Eo no ho en, aorian'ny fahaterahan'ny zaza dia:

- ◆ ataovy ambany ny lohan'ny zaza mha hivoahan'ny rano madity avy ao am-bava sy ny tendany. Tazonny toy izany izy mandra-panombohany miaina.
- ◆ ataovy ambanin'ny haavon'ilay reny ilay zaza mandrapamatotra ny tadim-poitra. (Io fomba io dia manampy ny zaza hahazo rà betsaka kokoa sy hatanjaka).
- ◆ Amaino ilay zaza, ary raha mbola tsy manomboka miaina eo no ho eo izy dia koseho amin'ny servieta na lamba ny lamosiny.
- ◆ Raha mbola tsy miaina ihany ilay zaza dia diovy hiala amin'ny orony sy ny vavany amin'ny lamba madio nahorina mihodidina ny rantsan-tananao ny rano madity.
- ◆ Raha tsy manomboka miaina ao anatin'ny iray minitra aorian'ny nahaterahany ny zazakely dia atombohy **eo no eo** ny FITOHOFANA NY VAVA HANOMEZAN-DRIVOTRA azy (jereo p. 80).
- ◆ Fonosy anaty lamba madio ny zazakely. Zava-dehibe ny tsy mamela azy hangatsiaka, indrindra raha tsy ampy volana izy (teraka aloha loatra).




## Fomba Fanapahana ny Foitra

Rehefa teraka ny zaza dia mitempotempo ny tadim-poitra ary matavy sy miloko manga. **MIANDRASA.**



Rehefa afaka kelikely dia ho lasa mahia sy fotsy ny tadim-poitra. Afatory amin'ny lamba lavalava kely, na tady kely na bandy madio be amin'izay ny faritra roa eo amin'ilay tadim-poitra. Tsy maintsy vao avy nopoulosahana na nafanaina tao anaty lafaoro izy ireo. Tapaho toy izao ny eo anelanelan'ireo fatotra:



**ZAVA-DEHIBE:** Tapaho amin'ny lame madio tsy mbola nampuazaina ny tadim-poitra. alohan'ny hanokafana azy dia sasao tsara ny tananao. Na manaova fonon-tanana vita amin'ny fingotra na plastika. Raha tsy manana lame vaovao ianao dia ampiasao ny hety vao avy nampangotrahana.

**Tapaho manakaiky ny vatan'ilay zaza vao teraka foana ny tadim-poitra.** aza mamela afa-tsy eo amin'ny 2 sm. eo miraikitra amin'ny zaza. Ireo fepetra ireo dia manampy amin'ny fisorohana ny tetanosy (jereo p. 182).

## Fikarakarana ny Foitra Vao Avy Notapahana


Ataovy madio sy maina foana ny fototry ny foitra. Sasao foana ny tananao alohan'ny hikasihana ny fototry ny foitra.

Raha maloto na be rà maina loatra eo amboniny dia diovy moramora amin'ny alikaola medikaly na alikaola fisotro mahery be, na violet de gentiane. Aza asiana na inona na inona hafa eo amin'ny tadim-poitra—ny loto sy ny diky dia mampidi-doza tokoa. Mety hiteraka tetanosy izany ary ahafaty ilay zazakely, jereo ny pejy 182 hatramin'ny 184.

Raha manao taty ilay zaza dia afatroy ambanin'ny tadim-poitra foana ilay taty.

Raha lasa mena, mamoka nana na mamofona ratsy ny tadim-poitra na ny faritra manodidina ny tadim-poitra, jereo ny pejy 272.

Matetika ny fototry ny foitra dia mihintsana ao anatin'ny 5 hatramin'ny 7 andro aorian'ny nahaterahan'ilay zaza. Mety hisy rà kely mitete na rano mady malama rehefa mihintsana ny ny tadim-poitra. tsy maninona izany. Saingy raha betsaka ilay rà na misy nana dia manatòna mpitsabo.



## Fanadiovana ny Zaza Vao Teraka

Diovy moramora amin'ny lamba mafana, malefaka, mando ny rà sy ny rano rehetra.

Tsara kokoa raha **tsy** ampandroina ny zaza raha tsy aorian'ny fihintsanan'ny foitran'ny. Avy eo dia ampandroy ao anaty rano mafana amin'ny savony malefaka isan'andro izy.

## Omeo Nono eo no ho eo ny Zaza Vao Teraka


Apetrao eo amin'ny tratan-dreniny ilay zaza vantany vao teraka. Raha minono ilay zaza dia hanampy ny ahitra hivoaka haingana izany ary hisoroka na hifehy ny fandehanan-drà.

## NY FIVOAHAN'NY AHITRA

Raha ny tokony ho izy, ny ahitra dia tokony hivoaka 5 minitra hatramin'ny ½ ora aorian'ny fahaterahan'ny zazakely, saingy indraindray dia tara izany (jereo eto ambany).

### Fijerena ny ahitra:

Rehefa mivoaka ny ahitra dia raiso ka zahao izany mba hijerena raha izy manontolo no nivoaka. Raha rovitra ka toa misy tsy ampy ilay izy dia mahazoa fanampiana ara-medikaly. Ny ampahana ahitra tafajanona ao anatin'ny tranon-jaza dia mety hitarika fandehanan-drà tsy mijanona na otrikaretina.



Mampisà fonon-tanana na harona plastika hihazonana ny ahitra eo ambonin'ny tananao. Sasao tsar a ny tànana avy eo.

### Raha tara ny fivoahan'ny ahitra:

Raha tsy very rà be loatra ilay reny dia aza manao na inona na inona. **Aza sintonina ilay tadim-poitra.** Mety hiteraka fandehanan-drà be izany (fahaverezan-drà be loatra). Indraindray dia mivoaka ilay ahitra raha madohalika sy mihohoka ary manena kely ilay vehivavy.

Raha very rà be ilay reny, henoy eo ambonin'ny amin'ny kibo ny tranon-jaza. Raha malefaka izany dia ataovy izao manaraka izao:

Ory moramora ny kibo mandrapahamafiny. Hampikainkona azy izany ary havoakany ny ahitra.

Raha tsy mivoaka haingana ny ahitra ary mitohy ny fandehanan-drà, atoseho moramora midina avy eo amin'ny tampon'ny tranon-jaza, ary tohano toy izao ny faran'ny tranon-jaza.



Raha mbola tsy mivoaka ihany ny ahitra ary mitohy ny fandehanan-drà dia omeo fanafody hifehezana ny fandehanan-drà izy (jereo ny pejy 266) ary mandehana haingana mitady fanampiana amin'ny dokotera.

## FAHAVEREZAN-DRA (FANDEHANAN-DRA BE LOATRA)

Rehefa mivoaka ny ahitra, tsy maintsy misy foana ny fivoahan'ny rà. Raha ny tokony ho izy dia maharitra minitra vitsy izy io ary tsy mihoatra ny ampahefatry ny litatra (1 kaopy) ny rà very. (Mety hisy rà mandeha kely hatrany mandritra ny andro maro ary tsy maninona izany matetika).

TANDREMO: Indraindray mety handeha rà be ao anatin'ny ilay vehivavy nefa kely fotsiny ny rà mivoaka ety ivelany. Tspao matetika ny kibony. Raha toa mihalehibe izany dia mety feno rà. Tspao matetika ny fitempon'ny fony ary jereo ny famantarana dona (p. 77).


- ◆ Raha manana **oxytocin, misoprostol** na **ergonovine** ianao dia ampiasao, araka ny toromarika ao anatin'ny pejy manaraka. (Ny oxytocin na misoprostol no ampiasao fa tsy ergonovine raha mbola ao anatin'ny ahitra.)

Mba hisorohana na hifehezana ny fandehanan-drà be loatra dia **avelao hinono ny nonon-dreniny ilay zaza vao teraka**. Raha tsy minono ilay zaza dia angataho ny olona hafa hanao izany na hisintona na hanotra moramora ny loha-nonon'ilay reny. Hanampy azy hamokatra to produce a hormonina (pituitrin) izay manampy amin'ny fifehezana ny fandehanan-drà izany.

Raha mbola mitohy ny fandehanan-drà be na very rà be amin'ny alalan'ny fikorinana tsikelikely ilay reny dia ataovy izao manaraka izao:

- ◆ Mahazoa fanampian'ny dokotera. Raha tsy mijanona haingana ny fandehanan-drà dia mila omena rà amin'ny alalan'ny fandefasana rà any anatin'ny lalan-dràny izy (fampidiran-drà).
- ◆ Mila misotro rano betsaka ilay reny (rano, ranom-boankazo, dite, lasopy, na Zava-pisotro Famerenan-drano—p. 152). Raha miha tsy mahatsiaro tena izy na haingana be kanefa malefaka ny fitempon'ny fony na maneho fambara **dona** hafa izy dia ampiakaro ambony ny tongony ary ataovy ambany ny lohany (jereo p. 77).
- ◆ Raha very rà be loatra ilay reny ka mety hiteraka fahafatesany izany dia andramo ny manajanona ny rà toy izao:

Ory ny kibony mandrapahenonao fa mihamafy ny tranon-jaza.



Raha mijanona ny fandehanan-drà dia jereo isaky ny 5 minitra mba hahazoanao antoka fa mbola mafy ny tranon-jaza. Raha tsy izany dia ory indray.

Vantany vao mihamafy ny tranon-jaza ary mijanona ny fandehanan-drà dia atsaharo ny fanorana. Jereo isaky ny iray minitra izany. Raha mihamalemby dia ory indray.


- ◆ **Raha mbola mitohy ny fandehanan-drà** taorian'ny otra natao tamin'ny tranon-jaza dia ataovy izao manaraka izao:

Tsindrio amin'ny lanjanao manontolo miaraka amin'ny tãnana roa, mifanindry, ny kibo eo ambonin'ny foitra. Tokony tohizanao ny fanindriana fotoana lavalava aorian'ny fijanonan'ny fandehanan-drà.

- ◆ Raha mbola tsy voafehy ihany ny fandehanan-drà:

Tsindrio amin'ny Tanana roan y kibo eo ambonin'ny tranon-jaza. Fihino izany ka aforeto amin'izay ho potsitra mafy eo amin'ny taolan'ny tampom-banja ny tranon-jaza. Potsero faran'izay vitanao, ampiasao ny lanjanao

Raha tsy matanjaka tsara ny hozatrao. Tohizo mandritra ny minitra maro aorian'ny fitsaharan'ny fandehanan-drà ny famotserana, na mandrapahazonao fanampian'ny dokotera.



tranon-jaza taolana

Fanamarihana: Na dia mampiasa izany aza ny dokotera sasany, ny vitamina K dia tsy mampijanona ny fandehanan-drà mifandraika amin'ny fiterahana, fahafahan-jaza na fanalan-jaza. Ny vitamina K dia manampy ny zaza fotsiny ihany. Aza omena izany ny olon-dehibe.

## FANAFODY HIFEHEZANA NY FANDEHANAN-DRA REHEFA AVY NITERAKA NA AFA-JAZA: Ergonovine, Oxytocin, Misoprostol

Ny ergonovine, ergometrine, oxytocin, sy misoprostol dia fanafody miteraka fikainkon'ny tranon-jaza sy ny lalan-drà eo aminy. Ireo fanafody ireo dia manan-danja saingy mampidi-doza. Raha ampiasaina amin'ny tsy tokony ho izy ireo fanafody ireo dia hitarika amin'ny fahafatesan'ny reny na ny zaza ao ankibony. Raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy kosa dia hamonjy aina izy ireo. Ireto avy ny fomba hamonjen'izy ireo aina:


**1. Mba hifehezana ny fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana.** Raha misy fahaverezan-drà be mialoha na aorian'ny fivoahan'ny ahitra dia tsindrony oxytocin 10 units faran'izay haingana ny hozatra (Pitocin, p. 390). Raha tsy mitsahatra ao anatin'ny minitra ny fandehanan-drà dia ampio tsindrona 10 units indray. Raha tsy misy oxytocin dia azonao atao ny mampiasa misoprostol (Cytotec, p. 391). Ho an'ny fandehanan-drà be aorian'ny fivoahan'ny ahitra dia azonao atao ny manome ergonovine na ergometrine (Ergotrate, p. 390). Saingy aza mampiasa ergonovine na ergometrine mialohan'ny fivoahan'ny ahitra, na ho an'ny vehivavy ambony tosi-drà.

ZAVA-DEHIBE: Ny mpampivelona sy ny mpiasan'ny fahasalamana hafa izay manampy ny vehivavy amin'ny fiterahana dia mila mivatsy fanafody ampy tsara hifehezana ny fandehanan-drà be raha mitranga izany. Maro loatra ireo vehivavy matin'ny fahaverezan-drà be loatra tokony voavonjy.

**2. Mba hisorohana ny fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana.** Ny manam-pahaizana sasany amin'izao dia manoro hevitra ny mba hanomezana fatra iray amin'ny oxytocin, ergonovine, na misoprostol toy ny voalaza etsy ambony mba hisorohana ny prevent fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana. Izany dia misoroka ny fandehanan-drà be mampidi-doza saingy toa entina mitsabo ny vehivavy izay tsy ilàna fitsaboana. Ny mpampivelona izay tsy manana afa-tsy fanafody vitsy dia afaka misafidy ny hitsitsy ny fanafody ananany ho amin'ny vonjy taitra.

**3. Mba hifehezana ny fandehanan-drà be amin'ny fahafahan-jaza** (p. 281). Raha very rà be haingana ilay vehivavy ka lavitra be ny dokotera dia ampiasao araka ny natoro etsy ambony ny oxytocin, misoprostol, na ergonovine.

TANDREMO: Ny fampiasana ergonovine, oxytocin na misoprostol mba hanafainganana ny fahaterahan'ny zaza na hanomezana hery ilay reny mandritra ny asa dia tena mampidi-doza tokoa ho azy sy ny zanany. Mahalana ny ilàna ireo fanafody ireo alohan'ny fiterahana, ary tsy misy afa-tsy ny mpampiteraka manana traik'efa ihany no afaka mampiasa azy ireo.

|   |   |  |
|---|---|--|
| <p>NY FAMPIASANA FANAFODY<br/>HANOMEZANA 'TANJAKA'<br/>ILAY RENY MANDRITRA NY<br/>FITERAHANA. . .</p> |  | <p>DIA METY<br/>HAMONO ILAY<br/>RENY, ZAZA, IZY<br/>ROA MIARAKA.</p> |
|---|---|--|

**Tsy misy** fanafody azo antoka hanome tanjaka ny reny na hanafaingana na hanamora ny fiterahana.

Raha tianao ho ampy tanjaka ilay reny mandritra ny fiterahany dia asaivo mihinana sakafo be otrikaina izy indrindra mandritra ny 9 volana hitondran'ny vohoka (jereo p. 107). Amporisiho ihany koa izy hanelanelana taona vitsy ny fotondran'ny vohoka mba hahazoan'ny vatany tanjaka tsara (jereo ny Fandrindram-piterahana, p. 283).


## SARO-PITERAHANA

Zava-dehibe ny fahazoana fanampian'ny dokotera faran'izay haingana rehefa misy olana lehibe mitranga eo am-piterahana. Maro ireo olana na fahasaratana mety hitranga, ny sasany mampidi-doza kokoa noho ny hafa. Ireto misy sasany amin'ireo mateti-pitranga:

1. MITSAHATRA NA MIHAMIADANA NY ASA, na maharitra fotoana ela aorian'ny fahatanjahana na aorian'ny fahavakisan'ny ranon-dohany. Misy antony betsaka izany ny mety mahatonga izany:

- **Mety matahotra na sorena ilay vehivavy.** Mety hampiadana na hampijanona ny fihetsehan-jaza izany. **Resaho izy.** Ampio izy hahazo aina. Omeotoky izy. Azavao azy fa miadana ny fiterahana fa tsy misy olana be akory izany. Amporisiho izy mba hanova matetika ny fipetrany ary hisotro rano, hisakafo ary hivalan-drano. Ny fanaitairana ny nono (fanorana na finonoana) ny loha-nono dia hanampy hanafaingana ny asa.
- **Mety tsy ho amin'ny toerany tokony ho izy ilay zazakely.**

Tsapao ilay kibo eo anelanelan'ny fihetsehan-jaza mba hijerena raha **mahazo sisiny** ny zazakely. Indraindray dia afaka ahodin'ny mpampivelona ny zazakely amin'ny alalan'ny fikarakarana **moramora** ny kibon'ilay renny. Ezaho ny manodina moramora ilay zazakely eo anelanelan'ny fihetsehan-jaza, mandrapidin'ny lohan'ny zaza. **Aza mampiasa hery** satria mety handrovitra ny tranon-jaza na ny ahitra izany, na hanendry ny tadim-poitra. raha tsy afaka ahodina ilay zaza dia ezaho entina any amin'ny hopitaly ilay renny.



- **Raha toa manatrika ny zazakely** fa tsy miamboho, mety ny sandriny sy ny tongony no ho tsapanao hivonto kely fa tsy ny lamosiny boribory. Matetika izy ity dia tsy dia olana be, saingy mety ho ela kokoa ny asa ary hankarary kokoa ny lamosin'ilay renny izany. Mila miova toerana matetika izy satria mety hanampy ny zaza hiodina izany. Azaivo mitehina amin'ny tanany na mandohalika izy.

- **Mety ngeza loatra ny lohan'ilay zaza ha tsy omby ny taola-maojan'ilay vehivavy** (valahana). Io tranga io dia mpahazo matetika ireo vehivavy manify valahana na tovovavy na zazavavy mbola tsy feno tsara ny fitombon'ny vatany. (Tsy dia mpahazo ny vehivavy efa niteraka ara-dalàna teo aloha io tranga io). Mety ho tsapanao fa tsy midina ilay zaza. Raha ahianao io olana io dia ezaho entina any amin'ny hopitaly ilay renny satria mety mila fandidiana izy (*Césarienne*). **Ny vehivavy fohy vatana, tery valahana na tanora kely dia tokony miteraka ny zanany voalohany eny amin'ny hopitaly na tsy lavitra ny hopitaly.**
- **Raha nandoa na tsy nisotro rano ilay renny**, dia mety tsy ampy rano izy. Mety hampidana ny fihetsehan-jaza izany. Ampisotroy Zava-pisotro Famerenan-drano kely na rano hafa izy isaky ny aorian'ny fihetsehan-jaza.

2. NY VODIN'NY ZAZAKELY NO MIVOAKA ALOHA. Matetika dia azon'ilay mpampivelona fantarina raha ny vodiny ny zazakely no ambany amin'ny alalan'ny fitsapany ny kibon'ilay ren'y (p. 257) ary mihaino ny fitempon'ny fon'ny zaza (p. 252).



Mety ho mora ny mamoaka ny zaza zazakely raha ny vodiny no ambany amin'izao fomba fipetraka izao.


Raha mivoaka ny tongotry ny zaza, fa tsy ny tanany dia sasao tsara ny tananao, koseho amin'ny alikaola (na manaova fonon-tanana madio be), avy eo dia...

alefaso any anatin'ny rantsan-tananao ary tsindrio hamonjy ny lamosiny ny soroky ny zazakely, toy izao:


na tsindrio amin'ny vatany toy izao ny sandriny:



Raha tsy tafavoaka ny zazakely dia ataovy mitsilany ilay ren'y. Alefaso ao anatin'ny vavan'ny zaza ny rantsan-tananao iray ary atoseho moramora mamonjy ny tratrany ny lohany. Mandritra izany dia asio olona iray manindry ny lohan'ny zaza avy eo ambonin'ny kibon'ilay ren'y mba hiondrehany toy izao:



Asaivo manosika mafy ilay ren'y. saingy **Aza taritina ny vatan'ilay zazakely.**



3. NY SANDRINY NO MIVOAKA ALOHA (Ny tanany no mivoaka aloha). Raha ny tanan'ny zazakely no mivoaka aloha dia mila mandeha any amin'ny hopitaly eo no eo. Mety ilaina ny fandiana mba hamoahana ilay zazakely.

4. Indraindray dia MIHODINA MANODIDINA NY TENDAN'NY ZAZAKELY NY TADIM-POITRA, mihodina mafy loatra izany ka tsy mamela azy hivoaka. Ezaho vahana amin'ny tendan'ny zazakely ilay tadim-poitra. raha tsy vitanao ny manao izany, mety tsy maintsy tendrenao, na fatorana ary tapahana ilay tady. Mampiasà hety dombo loha nampangotrana.

5. TAY AO ANATIN'NY VAVA NA ORON'NY ZAZAKELY. Rehefa vaky ny ranon-dohany, raha hitanao fa misy rano maitso be (efa ho mainty), mety ho ilay tain'ny zazakely voalohany izany (*meconium*). Hatahorana ny ain'ny zazakely. Raha misintona ny tay mankao anatin'ny avokavony izy dia mety ho faty. Vantany vao tafavoaka ny lohany dia aza avela hanosika intsony aloha ilay ren'y fa asaivo mifoka rivotra fohy sy haingana. Alohan'ny hanombohan'ilay zaza hiaina dia makà fotoana hisintonana ilay tay amin'ny orony sy ny vavany amin'ny fitaovana fisintonana izany. Na dia efa manomboka miaina aza izy dia tohizo ny fitrohana ny tay hivoaka mandrapahatapitr'izany.



6. KAMBANA. Matetika ny fiterahana kambana dia sarotra ary mampidi-doza—ho an'ilay renny sy ireo zaza—noho ny miteraka zaza iray.

**Mba tsy hisian'ny loza dia aleo miteraka kambana eny amin'ny hopitaly ilay renny.**


Satria rehefa kambana ny zaza dia manomboka aloha ny asa dia **tokony manakaiky hopitaly ilay renny aorian'ny fahafito volana itondràna vohoka.**

Ny famantarana fa mety kambana ny zaza ao an-kibon'ilay vehivavy:

- Vetivety dia mitombo ny kibo ary lehibe kokoa tsy toy ny mahazatra ny tranon-jaza, indrindra mandritra ireo volana farany (sjereoe p. 251)
- Raha mitombo lanja haingana tsy toy ny mahazatra ilay vehivavy, na ratsy kokoa noho ny mahazatra ireo olana mpahazo rehefa mitondra vohoka (faharariana amin'ny maraina, marary lamosina, varisy, kitso, fivontosana, na fahasarotana amin'ny fifohana rivotra), zahao tsara sao kambana ny zaza.
- Raha mahatsapa zavatra 3 na mihoatra (loha na vody) ao anatin'ny tranon-jaza izay toa ngeza be, azo inoana fa kambana ny zaza.
- indraindray dia mety hahare fitempon'ny fo 2 samy hafa ianao (ankoatran'ny an'ilay renny)—saingy sarotra izany.

Mandritra ireo volana farany, raha maka aina tsara ary mifady tsy manao raharaha be ilay renny dia tsy ho teraka aloha loatra ny zaza kambana.

Ny zaza kambana matetika dia kely lanja eo am-piterahana ary mila fikarakarana manokana. Na izany aza, tsy marina ny finoana fa ny zaza kambana dia manana hery hafahafa na majika.



## FAHAROVITAN'NY VOZON-TRANON-JAZA

Ny vozon-tranon-jaza dia mihitatra be mba hivoahan'ny zaza. Indraindray dia rovitra izy io. Matetika dia misy ny faharovitany raha zaza voalohany no aterak'ilay renny.

Azo sorohina ny faharovitany raha mandray fepetra manokana:

Tokony miezaka tsy manosika intsony ilay renny rehefa mivoaka ny lohan'ilay zaza. Manome fotoana hihitaran'ny vozon-tranon-jaza izany. Mba tsy hanosehany dia tokony hisefosefo izy.

Raha mihitatra ny vozon-tranon-jaza, azon'ilay mpampivelona atao ny manohana izany amin'ny tanana ilany ary manakana ny lohan'ilay zaza tsy hivoaka haingana be loatra amin'ny tanana ilany, toy izao:

Mety hanampy ihany koa ny fametrahana lamba mafana eo amin'ilay hoditra eo ambanin'ny vozon-tranon-jaza. Atombohy apetraka izany rehefa manomboka mihitatra ny vozon-tranon-jaza. Azonao atao ihany koa ny manotra ilay hoditra mihitatra amin'ny menaka.



Raha mbola rovitra ihany dia tokony zairin'ny olona mahay izany ny vozon-tranon-jaza aorian'ny fivoahan'ny ahitra (jereo p. 86 sy 379).

## FIKARAKARANA NY ZAZA VAO TERAKA

### Ny Tadim-poitra

Mba hisorohana ny tadim-poitra vao notapahana mba tsy hanonitra dia tokony atao **madio** sy **maina** tsara. Rehefa voatandrina tsara ny fahamainany dia vetivety izany dia hihintsana ary ho sitrana ilay foitra. Noho izany dia aleo **tsy** asiana bandy ny kibo, na raha mampiasa izany ianao dia ataovy goragora be (jereo p. 184 sy 263).

### Ny Maso

Mba hiarovana ny mason'ny zaza vao teraka amin'ny takodimena mahery vaika dia asio menaka fanosotra ny maso tetracycline 1% na erythromycin 0.5% hatramin'ny 1% ny maso tsirairay ao anatin'ny adin'ny 2 voalohany nahaterahany (p. 221 ary 378). Tena zava-dehibe tokoa ny manao izany raha toa misy famantarana angaboribory na chlamydia ireo ray sy reniny na ny iray amin'izy ireo (p. 236).



### Atao Mafana ny Zaza— Fa tsy Mafana Be Loatra

Arovy amin'ny hatsiaka ny zaza, ary amin'ny hafanana be koa. Ataovy mafana izy toa anao rehefa manao mafana.



Mba hampafana tsara ny zaza dia fihino manakaiky ny vatanao reniny izy. Zava-dehibe kokoa izany ho an'ny zaza tsy ampy volana na kely loatra. Jereo ny 'Fikarakarana Manokana ny Zaza Kely Loatra, Tsy Ampy Volana, ary Tsy Ampy Lanja', p. 405.

### Fahadiovana

Zava-dehibe ny manaraka ny Torolalana ho an'ny Fahadiovana resahana ao anatin'ny Toko 12. Jereo manokana ireto manaraka ireto:

- ◆ Soloy ny taty na ny lambam-pandrian'ny zazakely isaky ny lena na maloto. Raha lasa mena ny hodiny dia soloy matetika ny tatiny—na tsara kokoa ny manala izany tanteraka! (Jereo p. 215.)
- ◆ Aorian'ny fihintsanan'ilay tadim-poitra dia ampandroy isan'andro amin'ny savony malefaka sy rano mafana ilay zaza.
- ◆ Raha toa misy lalitra sy moka dia sarony lay na lamba manify ny fandriana fatorian'ny zaza.
- ◆ Ny olona misy fery misokatra, voan'ny sery, marary tenda, voan'ny raboka, na areti-mifindra hafa dia tsy tokony mikasika na manakaiky ny zaza vao teraka na ilay reny eo am-piterahana.
- ◆ Apetraho amin'ny toerana madio hatrany ny zazakely, lavitry ny setroka sy ny vovoka.

## Fanomezana Sakafo

(Jereo ihany koa “Ny Sakafo Tsara Indrindra Ho an’Ny Zaza Madinika,” p. 120.)

Ny nonon-dreny no sakafo tsara indrindra ho an’ny zazakely. Ny zazakely minono ny nonon-dreny dia salama kokoa, mihamatanjaka hatrany ary tsy mora maty. Ny antony?

- Ny nonon-dreny mandanjalanja ny filàna ara-tsakafon’ny zaza noho ireo ronono hafa, na ronono vao, na ao anaty boaty na vovony.
- Ny nonon-dreny dia madio. Rehefa manome sakafo hafa ny zaza, indrindra amin’ny tavoahangin-jazakely, sarotra be ny mitandro ny fahadiovan’ny zavatra iray mba hisorohana ny zaza tsy ho voan’ny aretim-pivalanana na aretina hafa.
- Ny hafanan’ny nonon-dreny dia tsara foana.
- Misy zavatra maro ny nonon-dreny (hery fiarovana) izay miaro ny zaza amin’ny aretina sasany toy ny aretim-pivalanana; kitroto na lefakozatra.

Tokony omen’ilay reny nono ny zanany vantany vao teraka. Mandritra ny andro vitsy manaraka ny fiterahana dia kely fotsiny ny ronono vokarin’ny nonon’ilay reny. Tsy mampaninona izany. Tokony tohizany hatrany **ny fanomezana nono ny zanany matetika**—farafahakeliny isaky ny adiny roa. Ny finonoan’ny zaza dia hanampy azy hamokatra ronono betsaka. Raha salama tsara ny zaza, mitombo lanja ary mandena matetika ny tatin’ny dia midika izany fa mamokatra nono betsaka izay ilay reny.

Tsara ho an’ny zaza raha tsy omen’ilay reny **afa-tsy nono ihany** izy mandritra ny 6 volana voalohany. Aorian’izay dia tokony tohizany ny fampinonoana ny zaza saingy tokony manomboka manome sakafo mahavelona azy koa ilay reny (jereo p. 122). Ny reny voan’ny VIH dia tokony mampitsahatra ny fampinonoana rehefa feno 12 volana ilay zaza raha afaka manome sakafo be otrikaina ampy ilay zaza izy.

### AHOANA NY FOMBA HAMOKARAN’NY RENY NONO BETSAKA:

Tokony...

- ◆ misotro rano betsaka izy,
- ◆ misakafo betsaka araka izay azo atao, indrindra sakafo be kalsiôma (toy ny sakafo azo avy amin’ny ronono) sy sakafo mitaiza hozatra (jereo p. 110),
- ◆ ampy torimaso ary tsy manao reraka loatra na sorena,
- ◆ mampinono matetika ny zaza—farafahakeliny isaky ny adiny 2.

NY ZAZA OMENA SAKAFO AMIN’NY  
TAVOAHANGIN-JAZAKELY DIA MORA  
MARARY SY MATY.



NY ZAZA OMENA NONO DIA SALAMA KOKOA.



## Fitandremana ny Fanomezana Fanafody ny Zazakely

Maro ny fanafody mampidi-doza ny zaza vao teraka. Aza mampiasa afa-tsy fanafody azonao antoka fa natao ho an'ny zaza vao teraka ary aza mampiasa izany raha tsy faran'izay ilaina. Ataovy azo antoka tsara fa hainao ny fatrany mba tsy hanomezanao azy mihoatra. Ny chloramphenicol, ohatra, dia mampidi-doza ho an'ny zaza vao teraka, indrindra raha tsy ampy volana na tsy ampy lanja ilay zaza (latsaky ny 2 kilao).

Indraindray dia zava-dehibe ny manome fanafody ny zaza vao teraka. Ohatra, ny manome cotrimoxazole ny zaza nateraky ny reny voan'ny VIH dia hiaro ny fahasalaman'ny zaza. Jereo p. 358.

## ARETIN'NY ZAZA VAO TERAKA

zava-dehibe ny mahatsikaritra ny olana na retina mety mahazo ny zazakely ary mandray andraikitra haingana.

**Ny retina izay mamono ny olon-dehibe ao anatin'ny andro na volana maro dia mahafaty ny zazakely ao anatin'ny ora vitsy.**

## Ireo Olan'ny Zaza Hatrany Am-bohoka (Jereo ihany koa ny p. 316)

Izany dia mety ateraky ny zavatra tsy nety tamin'ny fitombon'ny zaza tao am-bohoka na ny fahasimbana nahazo ny zaza teo am-piterahana. Zahao tsara eo no eo ny zazakely rehefa teraka. Raha maneho ireto famantarana manaraka ireto izy dia mety misy zavatra tsy mety eo aminy:

- Raha tsy miaina izy vantany vao teraka.
- Raha tsy tsapa na re ny fitempon'ny fony, na latsaky ny 100 fitempo isa-minitra.
- Raha fotsy, mangana, na mavo ny hodiny aorian'ny fanombohany miaina.
- Raha malezolezo ny tanany sy ny tongony—tsy afaka manetsika izany ny tenany na rehefa tsongoinao dia tsy mihetsika.
- Raha mieroitra izy na manana olana eo amin'ny fisefoana aorian'ny 15 minitra nahaterahany.

Ny sasany amin'ireo olana ireo dia nateraky ny fahasimban'ny ati-dohany teo am-piterahana. Tsy nateraky ny otrikaretina mihitsy ireo (raha tsy hoe vaky tanatin'ny 12 ora mialohan'ny fahaterahany ny ranon-dohany). Ny fanafody mahazatra dia tsy hanampy. Ataovy mafana tsara ny zaza fa aza atao mafana loatra (jereo p. 270). Ezaho atao ny mahazo fanampiana aminy dokotera.

Raha mandoa na mangery rà ny zazakely vao teraka, na misy mangana maro ny vatany, dia mila vitamina K izy (jereo p. 392).

Raha tsy mivalan-drano na mangery ao anatin'ny 2 andro voalohany ny zazakely vao teraka dia mitadiava ihany koa dokotera.

## Ireo Olana Mitranga Aorian'ny Fahaterahan'ny Zaza (mandritra ireo andro na volana voalohany)

1. **Ny nana na fofona maimbo avoakan'ny foitra (tadim-poitra)** dia fambara loza. Jereo ny fambara ny tetanosy (p. 182) na otrikaretina ateraky ny bakteria eo amin'ny rà (p. 275). Lomy amin'ny alikaola ny foitra ary avelao ho azon'ny rivotra. **Raha lasa mafana sy mena ilay hoditra manodidina ny foitra** dia tsaboy amin'ny ampicillin (p. 352) na penicillin na streptomycin (p. 353).

2. Ny **hafanana ambany** (ambanin'ny 35° C) na **ambony** dia mety ho famantarana otrikaretina. Ny hafanana ambony (mihoatra ny 39° C) dia mampidi-doza ny zazakely vao teraka. Esory avokoa ny akanjony ary petapetaho rano mamananala (tsy mangatsiaka) amin'ny spaonjy toy ny atoro ao amin'ny pejy 76. Jereo ihany koa ny famantarana tsy fahampian-drano (jereo p. 151). Rehefa hitanao ireo famantarana ireo dia omeo nono ny zaza, omeo Zava-pisotro Famerenan-drano ihany koa izy (p. 152).

3. **Fanintona** (jereo ny p. 178). Raha misy hafanana ihany koa ny zaza dia tsaboy araka ny efa voalaza teo aloha izany. Jereo foana ny tsy fahampian-drano. Ny fanintona izay manomboka amin'ny andro nahaterahany dia mety nateraky ny fahasimban'ny ati-doha teo am-piterahana. Raha manomboka andro maro aty aoriana ny fanintona dia jereo tsara ny famantarana tetanosy (p. 182) na menenzita (p. 185).

4. **Tsy mitombo lanja ny zaza.** Mandritra ireo andro voalohany iainany, ny ankamaroan'ny zaza dia somary very lanja kely. Tsy mampaninona izany. Aorian'ny herinandro voalohany kosa dia tokony hitombo eo amin'ny 200 g. isan-kerinandro eo ny zaza salama. Ao anatin'ny 2 herinandro, ny lanjan'ny zazakely salama dia tokony hitovy amin'ny lanjany tamin'ny vao teraka. Raha tsy mitombo lanja izy, na very lanja dia misy zavatra tsy mety ao aminy. Toa salama tsara ve ilay zaza tamin'izy teraka? Misakafa tsara ve izy? Zahao tsara ilay zaza mba hijerena famantarana otrikaretina na olana hafa. Raha tsy hitanao ny anton'ny olana ary tsy vitanao ny manitsy izany dia manatona dokotera.

5. **Fandoavana.** Raha mandrezatra ny zaza salama (na mamoaka ny rivotra voatelin'ny mandritra ny finonoany), indraindray dia misy ronono kely mivoaka ihany koa. Tsy maninona izany. Ampio hamoaka rivotra ny zaza aorian'ny fampinonoana azy amin'ny alalan'ny fitrotroana azy mitohaka amin'ny sorokao ary mikapokapoka moramora ny lamosiny toy izao.

Raha mandoa ny zaza rehefa ampatoriana aorian'ny fanomezana sakafo azy dia ezaho ny mametraka azy mahitsy mandritra ny fotoana fohy isaky ny avy manome sakafo azy.

Ny zaza mandoa be, na mandoa be sady matetika ka mitarika fahaverezan-danja eo aminy na tsy fahampian-drano dia marary. Raha voan'ny aretim-pivalanana ihany koa izy dia mety voan'ny aretin'ny taova (p. 157). Ny otrikaretina ateraky ny bakteria mahazo ny rà (jereo ny pejy manaraka), menenzita (p. 185), ary otrikaretina hafa dia mety hiteraka fandoavana ihany koa.

Raha miloko mavo na maitso ilay lo dia mety tsentsina ny tsinainy (p. 94), indrindra raha mibontsina be ny kibony na tsy nangery ilay zaza. Ento eny amin'ny tobim-pahasalamana **eo no eo** ilay zaza.

6. **Mijanona tsy minono tsara intsony ilay zaza.** Raha mandeha ny adiny 4 ka mbola tsy minono ihany ilay zaza dia fambara loza izany—indrindra raha toa te hatory be na marary ilay zaza, na mitomany na mihetsika tsy toy ny mahazatra. Maro ireo aretina mety hiteraka ireo fambara ireo, saingy ny mpiseho matetika sy mampidi-doza indrindra mandritra ny 2 herinandro voalohany eo amin'ny fiainany dia ny **otrikaretina ateraky ny bakteria mahazo ny rà** (jereo ireo pejy 2 manaraka) ary ny **tetanosy** (p. 182).



AMPANDREZATO NY ZANAKAO REHEFA AVY NOMENA NONO

**Ny zazakely mijanona tsy minono mandritra ny andro faharoa hatramin'ny fahadimy aorian'ny nahaterahany dia mety voan'ny otrikaretina ateraky ny bakteria mahazo ny rà.**

**Ny zazakely mijanona tsy minono mandritra ny andro faharoa hatramin'ny fahadimy aorian'ny nahaterahany dia mety voan'ny tetanosy.**

## Raha Mijanona Tsy Dia Minono Intsony na Toa Marary ny Zazakely

Zahao tsara tanteraka toy ny natoro ao amin'ny Toko 3 izy. Jereo tsara ireto manaraka ireto:


- Jereo raha manana **olana amin'ny fisefoana** izy. Raha tsentsina ny orony dia sokiro araka ny natoro ao amin'ny pejy 164 izany. Mifosefo (50 fiaina ao anatin'ny iray minitra na mihoatra), mangana, mieroitra, ary milempona ny hoditra eo anelanelan'ny tehezana isaky ny miaina dia famantarana pnemonia (p. 171). Ny zazakely voan'ny pneumonia matetika dia tsy mikohaka; matetika dia tsy misy na ny iray amin'ireo famantarana ireo aza mitranga. Raha miahiahy ny fisian'ny pneumonia ianao dia tsaboy toy ny mitsabo otrikaretina ateraky ny bakteria mahazo ny rà izany (jereo ny pejy manaraka).

- Jereo ny **lokon'ny hoditry** ny zazakely.

Raha mangana ny molotra sy ny tarehiny, hevero fa pneumonia izany (na olana eo amin'ny fo na olana hafa hatrany am-bohoka).


**Raha mihamavo ny tarehy sy ny faritra fotsy amin'ny maso (ngorongosy) mandritra ny andro voalohany hiainany na aorinan'ny andro fahadimy dia loza be izany.** Manatona dokotera. Ny loko mavo eo anelanelan'ny andro faharoa sy fahadimy iainany matetika dia tsy fambara loza. Omeo nono betsaka fotsiny izy, ataovy amin'ny sotro izany raha ilaina. Aboridano ny zaza ary ataovy eo amin'ny mazava manakaiky ny varavarankely (fa tsy atao amin'ny masoandro mivantana).

- Tsapao ny **loha maleminy**. Jereo p. 9.



**ZAVA-DEHIBE:** Raha sady voan'ny menenzita no tsy ampy rano ilay zaza dia mety ho toy ny isan'andro ny lohamaleminy. **Jereo tsara ireo famantarana hafa** ho an'ny tsy fahampian-drano (jereo p. 151) sy ny menenzita (jereo p. 185).

- **Jereo ny fihetsiky ny zaza sy ny ambaran'ny tarehiny.**



ny fihinjiran'ny vatana na fihetsika hafahafa dia mety ho famantarana tetanosy, menenzita na fahasimban'ny atidoha teo am-piterahana. Raha, rehefa kasihana na ahetsika ilay zazakely dia mihenjana tampoka ny hozatry ny tarehy sy ny vatany, mety ho tetanosy izany. Jereo raha afaka sokafana ny valanorany ary jereo ny refleksy ny lohaliny (p. 183).

Raha mivadika na mipipika ny mason'ilay zazakely rehefa manao fihetsika tampoka na mahery izy dia mety tsy tetanosy no mahazo azy. Ny fanintona toy izany mety ateraky ny menenzita, saingy ny tsy fahampian-drano sy ny hafanana ambony be no antony mateti-pitranga. Afaka ataonao anelanelan'ny lohaliny ve ny lohan'ny zaza? Raha mihinjitra be loatra izy na mitomany noho ny fanaintainana dia mety ho menenzita izany (jereo p. 185).

- Jereo ny otrikaretina ateraky ny bakteria mahazo ny rà.

## Otrikaretina Ateraky ny Bakteria Mahazo ny Rà (Septisemia)

Tsy mahavita manohitra ny otrikaretina irery ny zazakely. Noho izany, ny bakteria izay miditra eo amin'ny hoditra na ny tadim-poitrany zaza mandritra ny fotoana ahaterahany dia tafiditra any anatin'ny ràny ary miparitaka eraky ny vatany manontolo. Satria mila andro iray na roa izany, ny septisemia dia mateti-pitranga aorian'ny andro faharoa nahaterahan'ny zaza.

Famantarana:

Ny famantarana otrikaretina eo amin'ny zaza vao teraka dia samihafa amin'ny fitrangany eo amin'ny zaza lehibe kokoa. Eo amin'ny zazakely, ny ankabeazan'ny famantarana rehetra dia mety ateraky ny otrikaretina mahery eo amin'ny rà avokoa. Ireo famantarana mety hitranga dia:

- tsy minono tsara
- toa te-hatory lava
- hatsatra (tsy ampy rà)
- mandoa na mivalana
- hafanana ambony na ambany (ambanin'ny 35° C)
- mibontsina ny kibo
- mavo ny hoditra (ngorongosy)
- fanintona
- misy fotoana mangana ny zaza

Ireo famantarana rehetra ireo dia mety ateraky ny zavatra hafa ankoatran'ny septisemia, **fa raha maro amin'ireo famantarana ireo no miara-mitranga amin'ilay zazakely dia mety ho septisemia izany.**

Ny zaza vao teraka dia tsy voatery hafana raha toa voan'ny otrikaretina mahery. Mety ho ambony, ambany na toy ny mahazatra ny hafanany.

Fitsaboana raha toa manahy ny fisian'ny septisemia eo amin'ny zaza vao teraka:

- ◆ Tsindrony ampicillin 50 mg. (p. 352) isaky ny kilaon'ny zaza, in-2 isan'andro ho an'ny zaza latsaky ny herinandro na in-3 isan'andro raha mihoatra ny herinandro ny zaza. Raha tsy afaka manisa ny fatrany ianao dia tsindrony ny fatra antonon'ny ampicillin 150 mg.
- ◆ Tsindrony gentamicin 5 mg. isaky ny kilaon'ny zaza ihany koa. Aza atao mihoatra ny **in-drain isan'andro** ny fanomezana gentamicin. Raha tsy afaka manisa ny fatrany ianao dia tsindrony ny fatra antonon'ny gentamicin 15 mg. ny zaza latsaky ny herinandro, na 20 mg. raha mihoatra ny herinandro ny zaza.
- ◆ Ataovy azo antoka fa ampy rano tsara ilay zaza. Raha ilaina dia fahano nono sy Zava-pisotro famerenan-drano amin'ny sotrokely izy (jereo p. 152).
- ◆ Ezaho ny manatona dokotera.

**Ny otrikaretina eo amin'ny zazakely vao teraka matetika dia saro-pantarina. Matetika dia tsy misy hafanana izy. Raha azo atao dia manatona dokotera. Raha tsy izany dia tsaboy amin'ny ampicillin sy gentamicin toy ny natoro etsy ambony. Ny ampicillin dia anisan'ireo antibiotika azo antoka sy miasa indrindra ho an'ny zaza.**



## NY FAHASALAMAN'NY RENY AORIAN'NY FITERAHANA

### Sakafo sy Fahadiovana

Toy ny efa nazavaina tao amin'ny Toko 11, rehefa avy niteraka **ilay reny dia afaka ary tokony hihinana karazan-tsakafo be otrikaina rehetra hitany**. Tsy mila mifady sakafo izy. Ireo sakafo manokana tsara ho azy dia ny ronono, fromazy, akoho, atody, hena, trondro, voankazo, legioma, voa, tsaramaso, voanjo, sns. Raha tsy mahita afa-tsy katsaka sy tsaramaso izy dia tokony miaraka hoaniny isaky ny misakafo izany. Ny sakafo tsara dia manampy ny reny hamokatra nono betsaka ho an'ny zanany.


Ilay reny dia afaka ary tsy maintsy misasa mandritra ireo andro vitsy voalohany manaraka ny fiterahany. Mandritra ny herinandro voalohany, tsara kokoa raha misasa amin'ny servieta lena izy ary tsy miditra ao anaty rano. **Tsy mampidi-doza ny misasa aorian'ny fiterahana**. Ny tena marina, ny vehivavy izay miandry andro maro tsy misasa dia mety ho voan'ny otrikaretina izay hankarary ny hodiny ary hankarary ny zanany.

Mandritra ireo andro sy herinandro manaraka ny fiterahana, ilay reny dia tsy maintsy:

**Mihinana sakafo be otrikaina**

ary

**mandro matetika**



### Fanaviana Aorian'ny Fiterahana (Aretina aorian'ny Fiterahana, Otrikaretina Mahazo ny Tranon-jaza)

Matetika dia manavy ary voan'ny otrikaretina ilay reny rehefa avy miteraka, matetika izany dia vokatry ny tsy fitandroan'ilay mpampiteraka ny fahadiovan'ny zavatra rehetra na nanitrika tanana tany anatin'ilay reny izy.

*Ireo famantarana ny fanaviana aorian'ny fiterahana dia:* Fangovitana na hafanana, aretin'andoha na marary ny ambany lamosina, indraindray fanaintainan'ny kibo, ary misy zavatra maimbo na misy rà mivoaka avy amin'ny fivaviana.

Fitsaboana:

**Omeo fanafody 3:** tsindrony ampicillin 2 grama ho an'ny fatrany voalohany, avy eo dia 1 grama in-4 isan'andro. tsindrony gentamicin 80 mg. ihany koa ho an'ny fatrany voalohany, avy eo dia 60 mg. in-3 isan'andro. Omeo metronidazole 500 mg. hatetliny in-3 isan'andro. Tohizo ny fanomezana ireo fanafody ireo mandrapialan'ny hafanana ao anatin'ny 2 andro.

**Mety hampidi-doza ny fanaviana aorian'ny fiterahana. Raha tsy mihatsara ny fahasalaman'ilay reny ny ampitso dia manatona dokotera.**



## FAMPINONOANA NY ZAZA—SY FIKARAKARANA NY NONO

Ny fikarakarana tsara ny nono dia zava-dehibe ho an'ny fahasalaman'ilay reny sy ny zanany. tokony manomboka minono ny zaza aoriana kelin'ny nahaterahany. Mety mila omena nono eo no eo ilay zazakely na milelaka ilay nono ary tazomina. Amporisiho hinono ilay zazakely satria manampy ny nono hiakatra izany. Hanampy ny tranon-jazan'ilay reny hikainkona koa izany ary hampivoaka aloha ny ahitra. Ny nonon-dreny voalohany dia rano miloko mavo matevina (antsoina koe *colostrum*). Ilay nono voalohany io dia misy ny zavatra rehetra ilain'ny zaza hiadiany amin'ny otrikaretina ary be proteina. **Tsara be ho an'ny zaza ny nono voalohany, ka...**

**ATOMBOHY ALOHA BE NY FAMPINONOANA**  
**Apetraho eo amin'ny nonon'ny reniny faran'izay haingana ilay zaza.**

Raha ny tokony ho izy dia mahavokatra nono betsaka araka izay ilain'ny zaza ny ronono. Raha lanin'ilay zaza daholo izany dia manomboka manamboatra indray ireo nono. Raha tsy lanin'ny zaza izany dia vetivety dia hihena ny fiakaran'ny nono. Raha marary ny zaza ka mijanona tsy minono intsony dia hijanona tsy hamokatra ronono intsony ny nonon'ilay reny ao anatin'ny andro vitsy. Koa rehefa miverina minono indray ilay zaza ka mila ronono betsaka dia mety tsy ho ampy azy ny ao. Noho izany,


**Raha marary ny zaza ka tsy dia afaka minono loatra,**  
**Zava-dehibe ny fanohizan'ilay reny mamokatra ronono betsaka amin'ny**  
**alalan'ny fitereny ny nonony amin'ny tanana.**

### MBA HITERENA NY NONO AMIN'NY TANANA

Tereo amin'ny tanana toy izao ilay nono

avy eo dia alefaso mankany aloha sady tereo

mba hamoahana ny ronono dia, tereo ao ambadiky ny loha-nono



Ny antony iray hafa maha zava-dehibe ny fiterena ny nono raha mijanona tsy minono ny zaza dia ny hialana amin'ny fahafenon'ny nono be loatra. Rehefa feno be loatra izy ireo dia marary. Ny nono feno ary manaintaina dia mety hamory nana. Mety hanana olana amin'ny finonoana ihany koa ny zazakely raha feno loatra ny nono.

Raha malemy loatra ilay zaza ka tsy afaka minono, tereo amin'ny tanana hivoaka ny nono ary omeo ny zaza amin'ny sotrokely na mpanisa tete.

Ny fandroana isan'andro dia manampy ny nononao hadio hatrany. Tsy voatery ho diovina foana ny nono sy ny loha-nononao isaky ny mampinono. **Aza** mampiasa savony mba hanadiovana ny nononao satria mahavakivaky ny hoditra, mampisy fery sy otrikaretina ny loha-nono izany.

## Nono misy fery na vakivaky

Misy fery ary vakivaky ny loha-nono raha tsy minono afa-tsy ilay loha-nono ilay zaza fa tsy ny loha-nono sy ampahany amin'ny nono rehefa mampinono ilay ren'y.

Fitsaboana:

Zava-dehibe ny manohy ny fampinonoana ny zaza na dia marary aza izany. Mba hisorohana ny fery eo amin'ny loha-nono dia ampinonoina matetika ny zaza raha mbola te hinono foana, ary atao mitsofoka any ambavan'ny zaza tsara ny nono. Manampy ihany koa ny fanovàna ny fipetraky ny zaza rehefa omena nono.



Raha maratra ny nono iray dia ampinonoy eo amin'ny ilany aloha ny zazakely, avy eo dia avelao hinono amin'ilay iray izy. Rehefa voky ny zaza dia makà ronono kely ary osory ilay loha-nono. Avelao ho maina ilay ronono alohan'ny hanaronana ny loha-nono. Hanampy ny loha-nono ho sitrana ilay ronono. Raha mitete rà be na nana ilay loha-nono dia aleo fahanana amin'ny tànana ny zaza mandrapahasitran'ny loha-nono.

## Nono Manaintaina

Ny fanaintainan'ny nono dia mety ateraky ny fery eo amin'ny loha-nono na feno be ilay nono ary mafy. Matetika dia miala ho azy ilay fanaintainana ao anatin'ny iray na roa andro raha minono matetika ny zaza ary maka aina eo am-pandriana sy misotro rano betsaka ilay ren'y. Tsy ilaina ny antibiotika saingy jereo ny fizarana manaraka.

## Otrikaretin'ny Nono (Fivaivai-nono) sy Baivonto

Ny nono manaintaina sy misy fery na vakivaky dia mitarika otrikaretina na baivonto (kitapo feno nana).



Famantarana:

- Ny ampahany amin'ny nono dia mafana, miloko mena, mivonto, ary marary be.
- Misy hafanana na mangovitra.
- Matetika dia misy fery ary mivonto ny atody tarimo ao ambany helika.
- Matetika dia vaky ny baivonto ary mamoaka nana.

Fitsaboana:

- ♦ Tohizo ny fampinonoana ary ataovy matetika izany, omeo ilay zaza aloha ilay nono marary, na tereo amin'ny tànana ilay nono, ataovy izay tsy marary kokoa.
- ♦ Makà aina ary misotro rano betsaka.
- ♦ Asio lamba mafana eo amin'ilay nono misy fery 15 minitra mialohan'ny hampinonoana. Mapiasà lamba mangatsiaka eo amin'ilay nono misy fery eo anelanelan'ny fampinonoana mba hampihenana ny fanaintainana.
- ♦ Ory moramora ilay nono misy fery mandritra ny fanomezana nono ny zaza.
- ♦ Mihinana acetaminophen (p. 379) ho an'ny fanaintainana.
- ♦ Mampiasà antibiotika. Ny dicloxacillin no antibiotika tsara ampiasaina (p. 350). Mihinàna 500 mg., in-4 isan'andro, mandritra ny 7 andro maninjitra. Ny erythromycin (p. 354) na cotrimoxazole (p. 357) ihany koa dia azo ampiasaina.

Fisorohana:

- ♦ Aza avela ho vakivaky ny loha-nono (jereo eo ambony) ary aza avela ho feno be loatra ny nono.

**Ny fivontosana manaintaina sy mamay ao anatin'ny nonon'ny reny mampinono dia mety ho baivonto eo amin'ny nono (Otrikaretina).**



**Ny fivontosana tsy marary amin'ny nono dia mety ho homamiadana na kista.**

## Homamiadan'ny Nono

Ny ankabeazan'ny vehivavy dia misy fivontosana kely ao anatin'ny nonony. Mety hiova ny hangeza sy ny endrik'ireo fivontosana kely ireo, ary mety halemilemy mandritra ny fadim-bolany. Indraindray ny fivontosana eo amin'ny nono izay tsy miala dia mety ho famantarana homamiadan'ny nono. Ny fandairan'ny fitsaboana dia miankina amin'ny fahitana ny famantarana voalohany ny mety ho homamiadana ary ny fahazoana fitsaboana haingana. Matetika dia ilaina ny fandidiana.

Ireo famantarana ny homamiadan'ny nono:

- Mety hahatsikaritra fivontosana kely mitombo miadana ilay vehivavy mandritra ny fitsapany ny nonony (jereo eo ambany).
- na mety hisy mikitaontaona na milempona toy ny fandaingana hafahafa ny nono—na loaka kely maromaro toy ny hodim-boasary.
- matetika dia misy atody tarimo mivonto ao ambany helika izay mety tsy marary.
- mety hisy faritra mena na fery tsy mety sitrana eo amin'ny nono.
- Mety hisy zavatra hafahafa hivoaka amin'ny loha-nonony.
- Amin'ny voalohany dia tsy marary na mafana ilay nono. Mety harary izy aty aoriana.



### FOMBA FIZAHANA NY NONO

Ny vehivavy tsirairay dia mila mianatra fihazana ny nonony mba hijerena sao voan'ny homamiadana. Mila manao izany in-draindray isam-bolana izy, ary tsara kokoa mandritra andro faha-10 aorian'ny fanombohan'ny fadim-bolany.

- ◆ Ampiasao ny fitaratra mba hijerena tsara ny mety ho fahasamihafana eo amin'ireo nono eo amin'ny hangeza sy ny endrika. Ezaho jerena ireo famantarana rehetra eo ambony.

- ◆ Rehefa matory, asiana ondana na bodofotsy mivalona ao ambanin'ny lamosina, tsapao amin'ny rantsan-tananao ny nono. Potsero ny nono ary ahodinkodino ny ao ambanin'ny lohatananao. Atombohy eo akaikin'ny loha-nonony ary ataovy manodidina ny nono ary avy eo alefa makany amin'ny helika.
- ◆ Potsero ireo nononao. Raha misy rà na zavatra mivoaka aminy dia manatona dokotera.




Raha mahatsapa fivontosana malemy na toy ny fingotra ianao, ary mihetsika ao ambany hoditra rehefa atosikao dia aza taitra. Saingy raha mafy, ary manana endrika mikintoatoana, tsy marary, na tsy mihetsika rehefa atosikao, manatona dokotera. Maro ireo fivontosana no tsy homamiadana fa zava-dehibe ny mamantatra izany mialoha.

FIVONTOSANA NA TAMBAN-TSELA VAO EO AMIN'NY FARITRA AMBANIN'NY KIBO

Ny fivontosana mateti-pitranga indrindra, mazava ho azy, dia ateraky ny fitombon'ny zaza ara-dalàna. Ny fivontosana tsy fahita na mitangorona dia ateraky ny:

- kista na fivontosana feno rano, matetika ao amin'ny fihariatodinaina
- ny zaza izay mitombo tsy fidiny ivelan'ny tranon-jaza (zaza an-tsosokoditra), na
- homamiadana



Ny fitrangan'ireo 3 voalaza ireo matetika dia tsy marary na somary manelingelina amin'ny voalohany, avy eo dia lasa manaintaina be aty aoriana. Mila fitsaboan'ny dokotera avokoa ireo ary matetika dia mila fandidiana. Raha mahita fivontosana tsy mahazatra, mitombo tsikelikely dia manatona dokotera.

Homamiadan'ny Tranon-jaza


Ny homamiadan'ny tranon-jaza, amin'ny col (vozon-tranon-jaza), na amin'ny fihariatodinaina dia matetika hita eo amin'ny vehivavy mihoatra ny 40 taona. Ny famantarana voalohany dia mety ho tsy fahampian-drà na fandehanan-drà tsy voazava. Aty aoriana dia mety ho tsikaritra ny fivontosana manelingelina na manaintaina eo amin'ny kibo.

Misy fitiliana anokana antsoina hoe Fitiliana Pap (*Papanicolaou*) mba ahitana ny homamiadan'ny vozon-tranon-jaza raha vao miantomboka ilay izy. Raha misy izany dia ireo vehivavy rehetra mihoatra ny 20 taona dia tokony manao fitiliana Pap in-drainy isan'taona. Ny fomba iray hafa dia antsoina hoe 'Fandinihan'ny maso' ary mampiasa ranona vinaingitra napetraka eo ambonin'ny vozon-tranon-jaza. Raha mivadika fotsy ny tambantsela dia mila fitiliana na fitsaboana.

**Raha vao miahiahy homamiadana tonga dia mandehana mitady dokotera.**

Vohoka tsy Amin'ny Toerany na Zaza An-tsosokoditra

- tranon-jaza—  
ao no tokony  
namboarina ny  
zaza
- Fantsona mankany  
amin'ny  
fihariatodinaina
- fihariatodinaina —ao ny  
atody no amboarina
- fivaviana
- molotry ny  
fivaviana



Indraindray ny zaza dia manomboka miforona ivelan'ny tranon-jaza, ao anatin'ny iray amin'ireo fantsona avy amin'ny fihariatodinaina.

mety hisy fandehanan-drà tsy hafahafa arahana famantarana fitondrana vohoka—misy fikainkona mahery vaika eo ambanin'ny kibo ary misy fivontosana manaintaina **ivelan'ny** tranon-jaza.

Ny zaza izay manomboka miforona tsy amin'ny toerana dia tsy ho velona. Ny zaza an-tsosokoditra dia mila fandidiana eny amin'ny hopitaly. **Raha miahiahy ny fisian'io olana io ianao dia manatona dokotera, mety hanomboka amin'ny fotoana rehetra ny fandehanan-drà mampidi-doza.**

## FAHAFAHAN-JAZA (FANALAN-JAZA TAMPOKA)

Ny fahafahan-jaza dia fahafahan'ny zaza tampoka tao an-kibo. Ny fahafahan-jaza dia mateti-pitranga ao anatin'ny 3 volana hitondrana vohoka. Matetika ny zaza dia tsy tomombana tsara ary io no fomba ampiasain'ny natiora hamahana ny olana.

Ny ankabeazan'ny vehivavy dia afa-jaza in-drainy na maromaro eo amin'ny fiainany. Matetika dia tsy fantany ho efa-jaza izy. Mihevitra izy ireo fa tsy tonga na tara ny fadim-bolany ka miverina amin'ny fomba hafahafa izany, miaraka amin'ny vaingan-drà lehibe. Mila mianatra mahafantatra ny vehivavy rehefa afa-jaza satria mety hampidi-doza izany.

**Ny vehivavy mandeha rà be rehefa nisy fotoana tsy tonga in-drainy na maromaro ny fadim-bolany dia mety afa-jaza.**

Ny fahafahan-jaza dia toy ny fiterahana ka ny zaza vao mitsaika (fiantombohan'ny fiforonan'ny zazakely) sy ny ahitra dia tokony miara-mivoaka. Ny fandehanan-drà be arahana vaingan-drà lehibe sy fikainkona manaintaina dia mitohy madrapivoakan'izy roa ireo tanteraka.

Fitsaboana:

Mila maka aina ilay vehivavy ary mihinana ibuprofen (p. 379) na codeine (p. 383) ho an'ny

fanaintainana. Raha mitohy mandritra ny andro maro ny fandehanan-drà be dia:

- ◆ Manatòna dokotera. Ny fandidiana tsotra dia mety ilaina mba hanadiovana ny tranon-jaza (fanokafana sy fanadiovana, na D sy C, na fitrohana).
- ◆ Mijanona ao am-pandriana mandrapahatapitry ny fandehana-drà be.
- ◆ Raha mahery vaika be ny fandehana-drà dia araho ny toromarika ao amin'ny pejy 266.
- ◆ Raha misy hafanana na famantarana otrikaretina dia tsaboy toy ny **Fanaviana Aorian'ny Fiterahana** (jereo p. 276)
- ◆ Mety hitohy handeha rà kely ilay vehivavy mandritra ny andro maro aorian'ny fahafahan-jaza. Mety hitovy amin'ny fandehanan'ny fadim-bolany izany.
- ◆ Tsy tokony *misasa* na manao firaisana ara-nofy izy mandritra ny 2 herinandro farafahakeliny aorian'ny fahafahan-jaza, na mandrapahatapitry ny fandehanan-drà.
- ◆ Raha mampiasa fomba fanabeazana aizana DIU ka afa-jaza dia mety hitarika otrikaretina mahery maika izany. **Manatòna dokotera**, esory ny DIU ary omeo antibiotika.

Mety ho lava kokoa mihoatra ny 1 na 2 santimetatra ny zazakely vao niforona ka afaka.

30 andro



60 andro



## FAHATAHORANA NY AIN'NY RENY SY NY ZAZA

Fanamarihana ho an'ny mpampivelona na mpiasan'ny fahasalamana na izay rehetra liana amin'izany:

Ny vehivavy sasany dia mety ho saro-piterahana na hitrangan'olana aorian'ny fiterahana, ary mety ho tsy ampy lanja na marary ny zanany. Matetika izy ireny dia reny mbola mpitovo, tsy manan-kialofana, tsy ampy sakafo, tanora kely, meda ara-tsaina, na mety efa manan-janaka tsy ampy sakafo na marary lava .

Matetika raha mandray an-tànana manokana ireny reny ireny ny mpampivelona, mpiasan'ny fahasalamana, na olona hafa, ka manampy azy ireny hiaroka fomba ahazoana sakafo, fikarakarana, sy namana izay tadiaviny dia afaka hanova tanteraka ny fahasalaman'ireo reny sy ny zanany izany.

**Aza miandry ireo mila fanampiana hanantona anao. Mandehana manantona azy ireo.**

